Kanferansa Miaraka Amin'Andriamanitra

Misaotra anao, Rahalahy Orman. Misaotra betsaka anao. Eny, faly isika tafaverina ato amin'ny tabernakla indray izao maraina izao. Somary fa—farim-peo kely fotsiny; nanana fotoana iray nahafinaritra tokoa isika tamin'ity herinandro ity. Izany dia herinandrom-pitahiana lehibe ho ahy. Ary azoko antoka fa toy izany izy taminareo, ihany koa, ny maro aminareo eto. Maro no nandray ny Fanahy Masina. Izany no tanjontsika ao amin'izao fivoriana izao. Ary ny antony tsy nanaovanay filazana an'ilay izy, tany ivelany, dia noho ny—ny tsy fisian'ny toerana hametrahana ny olona. Hitanareo? Isika fotsiny . . . Isan-kariva, mandeha fotsiny ny olona, ireo olontsika eto an-toerana izany. Ary nolazainay teo anivon'ireo vahoakantsika fotsiny eto izany.

2 Ary mikasika ny fandraisana anjara ho an'ireo harona izao ankehitriny izao mihitsy aza, izany dia ho an'ireo olontsika eto an-toerana ihany. Ahoana . . . Raharaham-piangonantsika izany. Izao dia sekoly Alahadintsika mahazatra. Hitanareo? Ary izy ireo . . . Mazava ho azy, raha nisy olona te-hanampy ao amin'izany fanao izany, isika dia—isika dia hanana antoka fa ho azon'ilay mila izany. Manana fianakaviana isika, eto amin'ny tanàna, izay tsy manana na inona na inona, tsy hanana na inona na inona ho an'ny Krismasy. Miankina amin'ity fiangonana ity izy ireo. Ary noho izany, io fanao io, nahoana, izany dia—izany dia hatao ho an'io tanjona io. Ny anankiray amin'ireo diakona, no aoka hiteny amin'izy ireo fa ho an'izany io, raha tsy izany dia ny anabaviko iry aoriana iry no haka azy.

3 Ankehitriny, reko fa efa nanao ny asa fanaovana batisa isika aninkeo maraina. Karazan'ny nihoaran'izy ireo kely aho ny amin'izany, sa tsy izany? Eny, noho izany, dia hanana anankiray hafa isika anio hariva, koa, noho izany, dia manana anankiroa amin'izy ireo isika. Koa mihevitra isika . . . Na, fara-faharatsiny, mba ho feno ny dobo, satria aorian'ny fivoriana avy hatrany, anio hariva, dia hisy asa fanaovana batisa anankiray hafa.

4 Ary ny sasany tamin'izy ireo, hoy izy ireo, dia tokony hatao batisa. Nihazakazaka i Billy, minitra vitsy lasa izay, ary niteny tamiko, nanao hoe, "Aza tonga avy hatrany, satria Rahalahy Neville dia tsy maintsy hanao batisa, aloha." Ary hoy izy, "Ary misy olona maro ao izay tsy maintsy handeha, avy hatrany. Ary tsy azon'izy ireo antoka fa hanana batisa isika izao maraina izao."

5 Tsarovy, misokatra isan'andro io dobo io. Isan'andro, isampotoana, isan'ora amin'ny andro na alina, vonona ho an'ny batisa. Tonga eto ireo mpitoriteny hafa, mampiasa an'io dobo io hanaovana batisa, noho izany dia tena faly izahay ny amin'izany.

6 Teto indray mandeha izay, ilay fiangonana Park Metodista, tany aho ho an'ny—ny asa iray an'ny asam-pitoriana. Ary hoy ilay rahalahy maha-te-ho tia hoe, "Tany amin-dry Rahalahy Branham aho indray andro, mba hampiasa an'ilay—ilay . . . " Hoy izy, "Inona moa no iantsoanareo an'ilay zavatra?"

7 Hoy aho hoe, "Ho sarotra ho an'ny Metodista iray ny hiteny hoe, 'Batistera.'" Nanana lovia jobo kely anankiray izy ireo tany, izay famafazan'izy ireo, fantatrareo, zavatra kely anankiray fotsiny nipetraka teo. Hoy aho hoe, "Tena teny sarotra iray ho an'ny Metodista anankiray ny miteny hoe, 'Batistera,'" hoy aho.

8 Hoy izy hoe, "Te-hanana anankiray amin'izy ireny izahay eto. Toa mino an'izany aho."

9 Noho izany, dia tsarovy, ny Metodista, ny Batista, ny Presbyterana, ny olona rehetra izay te-hampiasa azy, dia io izy io. Misokatra izy, maimaim-poana ny rano.

10 Ary manana fantsona kely izahay, kely, fantsona mafana izay apetrakay ao anatiny ao, hiezahana hamanana azy. Saingy, lazaiko aminareo ankehitriny, tsy mahafana azy ilay izy. Io no rano mangatsiaka indrindra izay hany nitsoboako teo amin'ny fiainako. Ary nanao batisa aho, imbetsaka, teo amin'ny toerana izay tsy maintsy nampiasako ny tongotro ka nandaka ny ranomandry teo amin'ilay helodrano, tahaka an'*izao,* mba hanao batisa azy ireo. Ary avy eo dia mandeha mody, miezaka ny handeha any amin'izay tsy maintsy hitoerako, hanoloako ny akanjoko. Ary mivaingana ireo akanjo anaovako, rehefa mandeha. Zara raha afaka mamindra fotsiny aho, tena mihenjana fotsiny ireo tongotry ny patalohako, rehefa mamindra aho. Ary tsy nisy nangatsiaka tahaka an'io. Io no rano mangatsiaka indrindra izay hany hitako teo amin'ny fiainako. Tsy mbola nahita rano tahaka an'io mihitsy aho.

11 Rahalahy Kelley, saiky mampivaingana ahy toy ny maty ilay izy, isaky ny miditra ao aho. Ary noho izany rehefa . . . [Hoy Ranabavy Kelley hoe, "Raha mahatsapa ho tsara ianareo, dia tsy maninona ilay izy."—Mpand.] Marina izany. Rehefa mahatsapa ho tsara ianareo, dia tsy maninona ilay izy. Hoy Ranabavy Kelley hoe, "Rehefa mahatsapa ho tsara ianareo, dia tsy maninona ilay izy."

12 Faly isika ny amin'ity vondron'olona ity, mifangaro eto, ao amin'ireo karazana anaram-piangonana rehetra. Zanak'Andriamanitra natambatra miaraka fotsiny izany. Misy olona ato izay Metodista, Batista, Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana, Katolika, Vavolombelon'i Jehovah, Siansa

Kristiana, Pentekotista, ny zavatra rehetra natambatra miaraka.

13 [Misy olona manao hoe, "Jiosy koa aza."—Mpand.] Jiosy koa aza. Deraina ny Tompo ny amin'izany. Misaotra anao. Faly isika ho an'ilay Jiosy. Eny, tompoko. Raha tsy—raha tsy nisy ny Jiosy, dia tsy fantatro hoe ho taiza isika. Marina izany. Ankehitriny, tena mahafinaritra izany.

14 Izany no haha-izy ny Lanitra, marina tokoa, satria ny Lanitra dia hanangona ny rehetra avy amin'ny anaram-piangonana samihafa rehetra. Ary izany no antony hipetrahantsika miaraka ao amin'ireo toeran-Danitra.

15 Ankehitriny, Doc, fahalalana kely momba ny saina izany. Fantatro fa izany ilay izy. Izy . . . Tsy dia akaiky loatra an'ilay izy aho. Somary farim-peo kely fotsiny, izao maraina izao, hiditra ao amin'ny vitesy faharoa izany, afaka kelikely, ary hanomboka handeha, fantatrareo, rehefa hanomboka aho, mino aho.

16 Ankehitriny, naharay fanontaniana maromaro aho tonga omaly hariva, mbola mikasika ny fivoriana. Raha sitraky ny Tompo, dia hamaly azy ireny tena haingana aho, anio hariva, mialohan'ny hanaovantsika ny—ny asam-pitoriana mahazatra, anio hariva. Ary noho izany—noho izany dia manàna antoka ny ho tonga, anio hariva, raha azonareo atao. Ary raha sitraky ny Tompo, dia tiako ny hitory eo amin'ny lohahevitra tena mahery iray, ho famaranana ny fifohazana anio hariva, arak'izay fantatsika, raha tsy hoe hitarika lavidavitra kokoa ny Fanahy Masina.

17 Maro aminareo, mazava ho azy, no tsy maintsy handeha hody any an-tranonareo, androany, na aorian'ity fivoriana ity, angamba, izao maraina izao. Tianay ny hilaza fa izahay dia mankasitraka anareo, betsaka tokoa. Ary tianay ny mirary Krismasy sambatra ho anareo sy ny tsara indrindra ho an'ny Taona Vaovao. Homba anareo anie Andriamanitra ary hanome zava-baovao ho anareo, ary Fiainana vaovao betsaka izay katsahinareo sy mampahanoana anareo. Izany no hataoko, ny tenako, dia ny noana betsaka ny amin'Andriamanitra.

18 Misy fanontaniana maro ireto. Misy . . . Manana vitsivitsy aho ao an'efitra, vao avy, nomen'izy ireo ahy. Ary rahalahy iray no nanome an'ny zanako, omaly hariva, fanontaniana vitsivitsy. Ary tsy nanana anjara iray mba hijerena azy ireny aho, satria nasitriko tao anaty paosiko fotsiny izy ireny, ary efa tena tara ilay izy.

19 Ary ny sasany amin'izy ireo dia mikasika indray an'ilay Mat- . . . na Hebreo 6:4. Ranabavy Mammie dia vao avy nilaza, minitra vitsy lasa izay, fa tena faly izy tonga teo amin'izany, satria efa nametraka an'izany fanontaniana izany ihany izy, indray andro lasa. Izany dia tena, tena zavatra iray mahavariana. Fa azoko antoka fa ianareo rehetra dia nahazo an'ilay izy, hoe

inona izany. Antenaiko fa nahazo ianareo. Io dia tsy ny Kristiana izay nofenoina ny Fanahy.

20 Ankehitriny raha handeha ao amin'ny Hebreo 10 ianareo, dia hahita ianareo fa izay Nolazainy ao, dia samihafa izany, noho izany dia miresaka ny amin'ny ota tsy azo avela ho an'ilay Kristiana Izy, fa, ity, dia ho an'ilay olona nofenoina.

21 Fa ity dia ny olona izay mpino mpanara-driandrano izay nanandrana fotsiny. Manana azy ireny isika ao anatin'ny fiangonana rehetra. Tonga any am-piangonana fotsiny, ary, oh, mankasitraka an'izay ataon'ny Tompo izy ireo, saingy tsy hiditra ao anatin'izany mihitsy izy ireo. Mankasitraka ny fahitana olona iray sitrana izy ireo, saingy tsy hanao ezaka mihitsy izy ireo handeha sy hivavaka ho an'ilay marary, sy hitsidika ny hopitaly, na hanao zavatra izay mahitsy, hitanareo, tahaka an'izany. Nahita ny karazan'izy ireny ianareo. Nanandrana izy ireo. Nahita izy ireo. Tahaka ny nolazaiko fotsiny, ilay an'i Kaina, ireo Kananita, na . . .

22 Ireo Isiraelita, rehefa nanakaiky an'i Kanana izy ireo, dia efa saiky tafiditra izy ireo. Nandeha teo izy ireo, tany amin'ny lavitra indrindra mba hahazoana an'ilay tsiron'ireo voankazo avy tao amin'ilay tanàna, saingy hoy izy ireo hoe, "Oh, isika dia—isika dia tsy mahavita. Isika—isika dia tsy afaka hanao an'ilay izy." Fa Josoa sy Kaleba kosa dia nahafantatra fa afaka nanao an'izany izy ireo, satria nanana ny teny fikasan'Andriamanitra izy ireo.

23 Ary izany no niezahan'i Paoly noresahana, nanondro indray azy ireo izay tonga nanakaiky an'Izany, tena akaiky, saingy tsy tian'izy ireo ny nametraka ny tànany teo amin'Izany, ny tenan'izy ireo. Hoy fotsiny izy ireo hoe, "Oh, izaho—izaho mandeha any am-piangonana, ireo fiangonana ireo. Izaho mandeha any—any amin'ny fiangonan'ny fahamasinana, fiangonana Pentekotista. Izaho mandeha any amin'*ity*."

"Fa efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianareo?"

"Oh, tsia. Tsy mbola nandray an'izany mihitsy aho." Hitanareo? Eo ianareo izao.

24 Fa ny tena mpino iray dia tsy afaka mitsahatra mandrapahatafidirany ao amin'Izany. Tsy maintsy tafiditra ao anatin'Izany mihitsy izy. Hitanareo?

25 Karazan'ny—ny mpanara-driandrano fotsiny, ankehitriny, izany ilay olona izay resahan'i Paoly.

26 Na izany aza, ankehitriny, izao maraina izao, ity dia Hafatry ny Filazantsara iray mahazatra ho an'izao maraina izao, raha sitraky ny Tompo, nanome ahy feo ampy.

27 Koa heveriko fa izay ireo filazana. Tsy dia azoko antoka, saingy heveriko fa izay no izy, araka ny fantatro. Ary Rahalahy Neville no nanao ny sisa tamin'izy ireny.

28 Ary tiako ho fantatrareo rehetra, raha sendra mandalo amin'ity làlana ity ianareo . . . Ianareo izay tsy maintsy handeha hody, ankehitriny, ka tsy afaka hijanona ho an'ny fivoriana folak'andro, dia tiako ho fantatrareo. Raha sendra mandalo eto ianareo, amin'ny fotoana rehetra, tena mirary an'izany tokoa aho, ny hahatongavanareo ka hihainoanareo ny pasiterantsika. Manana tena pasitera iray isika ato amin'ity tabernakla ity, Rahalahy Orman Neville. Tsy miteny an'izany aho satria hoe mipetraka eto izy. Efa an-taonany maro no nahafantarako azy. Ary tsy niova mihitsy izy, na dia kely aza. Mbola Orman Neville foana izy, mpanompon'ny Tompo anankiray. Afaka miantehitra aminy ianareo. Tena mpitory teny iray mahatoky fotsiny, marina, ary mahafinaritra. Nipetraka tery aoriana tery aho . . .

29 Ary nandre an'ireo mpitory teny aho, eran'izao tontolo izao, mitory. Saingy matetika izy dia mitory zavatra izay mahatalanjona ahy mihitsy, lazaiko aminareo, mitondra anareo fotsiny, ao—ao amin'ireo zavatra kely izay ampiasainy. Lazaiko aminareo, isaky ny tonga aho, izaho dia mitondra . . . Manana lahateny eo amin'ny dimy ambin'ny folo eo aho avy tao amin'ny toriteniny, rehefa izaho—rehefa tonga aho, dia manoratra an'ilay izy. Mandeha mody, "Oh, oadray, tsy mahavita hafatra anankiray ve ity! Oh, oadray, tsy mahavita hafatra anankiray ve ity!" Ary manoratra an'ilay izy fotsiny aho.

30 Koa tongava dia henoy ny Rahalahintsika Neville, ary mikambàna amin'ny olontsika. Olona mahantra izy ireo, tena mahantra. Saingy tia ny Tompo izy ireo, ary ho tia anareo izy ireo. Ary tena faly izahay fa niaraka taminay ianareo, ary mivavaka mba Andriamanitra anie homba anareo.

31 Ankehitriny ndao isika hanondrika ny lohantsika mandritry ny fotoana vitsy mialohan'ny hanatonantsika ny Teny.

32 Tompo Mpiahy, manatona izahay ankehitriny tena manaja arak'izay fantatray hanatonana. Manatona amin'ny Anaran'i Jesosy izahay, mino fa Ianao no nampanantena anay, tamin'ny Alàlany, fa Ianao dia hihaino ny zavatra rehetra izay hangatahanay Aminao amin'ny Anarany. Ary mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hanaovanao an'izao ho famangiana iray ho anay eto izao maraina izao.

33 Te-hisaotra Anao izahay avy ao amin'ireo lalin'ny fonay, ny amin'izay Nataonao taminay tamin'iny herinandro lasa iny. Fo malahelo maro no lasa faly. Maro tamin'ny olona no natao hifaly. Ary maro ireo izay nisavorovoro, tao amin'ny Teny, no mihiakiaka fandresena ankehitriny amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Misaotra Anao izahay ny amin'ireo zavatra ireo.

34 Ary mivavaka izahay, Tompo, mba anio no ho fotoana izay Hamangianao ny Vahoakanao. Ary mikambana eto izahay, avy amin'ny rehetra, karazana maro samihafa, hataoko hoe, avy amin'ireo fiangonana anaram-piangonana. Ny sasany miaraka

amin'ireo finoana hafa, angamba mpisakaiza tsy mifanaraka amin'ny Soratra, saingy tsy hanao an'izany ho sakana iray kosa, mihitsy, na dia ho an'ny anabavy Jiosy iray izay nanangana ny tànany aza. Mikambana ao amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy izahay.

35 Mivavaka izahay, anio, mba hirotsahan'ny Fanahinao indray eo aminay. Omeo batisa vaovao iray izahay, izao maraina izao, Tompo, na famenoana vaovao. Ary mangataka izahay mba Hanasitrananao ny marary, ny ory, ireo izay mila zavatra. Indro misy olona iray mipetraka eto ao anatin'ny seza misy kodiarana iray, ny sasany any ivelany any, angamba, miaraka amin'ny aretim-po, ny sasany miaraka amin'ny homamiadana. Eo an-dàlam-pahafatesana izy ireo, Tompo. Ary ireo dokotera sarobidy an'ny firenenay dia efa nanao fitiliana ny amin'izy ireo ary niditra lalina arak'izay azon'izy ireo natao, ary angamba niaraka tamin'ny fandidiana, nefa mbola mifikitra foana ilay devoly. Efa nanapa-kevitra ny haka ny ain'izy ireo izy. Ary izy dia . . . Mety nandidy tany ho any izy ireo niaraka tamin'ny antsiny sy tànana malefaka, mba hiezaka hanampy an'ilay olona, saingy hibolisatra ao amin'ilay zorony kely hafa ilay devoly ary hivoaka eo indray. Satria izy dia mahay miafina tsara an'ilay dokotera. Saingy, Andriamanitra, tsy afaka miafina Anao izy. Fantatrao mihitsy izay misy azy. Ary miaraka amin'ny Tenin'ny Finoanao sy ny Hery, dia tsy maintsy miala izy. Ary mivavaka Aminao izahay, anio, Andriamanitra, mba Hanaovanao ny zavatra ratsy rehetra hiala amin'ny olona, mba hahafahan'izy ireo mahazo fahasalamana, sy hifaly amin'ireo fitahian'ny Tompo Andriamanitray. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

36 Ankehitriny, misy mosara maro mipetraka eto. Ary hivavaka ho an'izy ireo isika. Ary raha tsy manana anankiray ianareo, ka maniry anankiray ianareo, eny, dia manorata aminay eto fotsiny amin'ny boaty postaly telo roa dimy, ary halefanay avy hatrany aminareo mihitsy izany. Izany dia hita ankehitriny ao amin'ny Bokin'ny Hebreo, ao amin'ny Bokin'ny—ny Asa, ny toko faha-19, izay andraisantsika an'ireo mosara na aron'akanjo avy amin'ny olona, mba hivavahana ho azy ireny.

37 Ndao isika hamadika, izao maraina izao ankehitriny, ao amin'ny Soratra, ao amin'ny Bokin'ny Isaia, ny toko-1. Isaia 1, raha mamaky ampahany iray amin'ny Soratra isika.

38 Ary raha mbola eo am-pamadihana an'izany Boky izany ianareo, mba hanaraka anay amin'ny famakiana, dia tianay ny hiteny zavatra anankiray mikasika ny asam-panasitranana ho avy.

39 Ankehitriny, tsy miezaka izahay ny hiteny fa izahay dia manao ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, eto, ho lehibe indrindra, satria ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra no

kely indrindra. Ary ianareo tsy afaka ny hanalehibe mihitsy ny kely indrindra. Fa mino isika fa ilay asam-panompoan'i Jesosy Kristy, ny enina amby valopolo isan-jaton'izany, dia fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Ary ny fahazoana ny fifantohan'ny olona amin'ny alàlan'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, dia nitondra ny fahafantarana fa Andriamanitra Izy. Ary izy ireo . . .

40 Hoy Izy hoe, "Raha tsy mety mino Ahy ho izany ianareo, dia minoa an'ireo asa izay Ataoko. Satria raha tsy manao ny asan'ny Raiko Aho, dia aza mino Ahy. Fa raha manao ny asan'ny Ray Aho, ka tsy mety mino Ahy Ianareo, dia minoa an'ireo asa."

41 Hitanareo, Olona iray, nanao ny Tenany ho Andriamanitra Izy. Teo amin'ny hazo fijaliana, na . . . Talohan'ny hazo fijaliana mihitsy, dia hoy izy ireo Taminy, "Tsy mitora-bato Anao noho ny asa tsara Nataonao izahay. Fa mitora-bato Anao izahay satria Ianao dia olona iray, nefa manao ny Tenanao ho Andriamanitra." Andriamanitra Izy. Izay Izy. Andriamanitra no tao Aminy. Ary noho izany, tamin'izay fotoana izay, dia hoy Izy hoe, "Raha tsy mety mino Ahy ianareo, dia minoa ireo asa izay Ataoko." Hitanareo? "Minoa fotsiny an'ireo asa, fa avy amin'Andriamanitra izy ireny."

42 Eny, ankehitriny, zavatra mitovy ny amin'izao andro izao. Tsy misy olona eto an-tany ka Andriamanitra. Tsia tokoa. Olombelona isika rehetra, ny tsirairay dia teraka tao amin'ny ota, notorotoronina tao amin'ny heloka, tonga eto amin'izao tontolo izao milaza lainga. Fa araka ny nandinihantsika azy tena mazava tamin'ity herinandro ity, mba hanehoana fa Andriamanitra taloha dia niaina teo *ambonin'ny* Famoronany, noho ny ota. Avy eo Izy dia niaina *niaraka* tamin'ny Famoronany, tao amin'ny endrika vatana iray, Jesosy Kristy; nametraka ny Trano-lainy niaraka tamintsika, nonina niaraka tamintsika, "tonga nofo," niaraka tamintsika, mba hiaritra ny ota sy ny fanaintainana, fangirifiriana, sy ireo zavatra izay ataontsika. Avy eo dia nanamasina Fiangonana iray Izy izay Hahafahany monina *ao*. Koa dia izany no Andriamanitra eo ambonintsika; Andriamanitra miaraka amintsika; Andriamanitra ao anatintsika.

43 Hoy Jesosy hoe, "Amin'izany andro izany, dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Ray, ny Ray ato Amiko; ary Izaho ao aminareo, ary ianareo ato Amiko." Ary hitanareo eo, fa izany no Andriamanitra miasa amin'ny alàlany. Noho izany, rehefa ny olona iray no tena manolo-tena tanteraka ho an'ny Fanahy Masina, ka miteny, dia tsy ilay olona no miteny.

44 Fantatro tamin'ny alàlan'ny fahatsapana izany. Avy amin'ilay fahatsapana keliko miaraka amin'i Kristy, dia hitako ireo fotoana izay—izay Namelany ahy hanolotra ny tenako ho Azy, hany ka tsy fantatro izay nolazaiko. Ary tsy izaho no niteny

an'izany, na inona na inona teto amin'izao tontolo izao, fa Izy no niteny an'ilay izy.

45 Hattie izay mipetraka ery aoriana ery, ilay ramatoa. Indray andro, rehefa ity asam-panompoana vaovao ity, izay antenaiko fa ho tonga izao maraina izao. Ary ianareo rehetra dia nandre mikasika an'izany. Ary rehefa nipetraka izahay . . . Ary misy fara-fahakeliny valo na folo, eto izao ankehitriny izao, no nipetraka nanatrika tamin'izany fotoana izany. Ary rehefa nitodika tamin'io vehivavy io ny Fanahy Masina ka niteny taminy mba hangataka an'izay rehetra iriany, fa homena azy izany. Mihevitra ve ianareo fa izaho no niteny an'izany? Raha vitako, dia ho lazaiko izao ankehitriny izao izany. Saingy tsy afaka niteny an'izany aho. Ary nangovitra aho, tena reraka aho. Rahalahy Banks Wood, io mitsangana io, no nipetraka teo akaikiko. Ary niraraka teo amin'ny tànako ny hatsembohako, ary tena reraka aho hany ka nitsangana aho ka nivoaka ny trano. Nampahatahotra ahy mafy ilay izy. Saingy ilay vehivavy dia nangataka ny anankiray amin'ireo zavatra lehibe indrindra izay tsy mbola nangatahan'olona, ary nahazo an'izany. Hitanareo, Andriamanitra izany. Tsy olona izany. Tsy afaka manao an'ireo zavatra ireo ny olona.

Hoy Jesosy tamin'ilay hazo hoe, "Tsy hisy olona hihinana avy aminao intsony."

46 Ary ireo mpianatra, ny ampitso . . . Haingana toy ny ahoana, nanomboka niasa teo avy hatrany izany. Ny ampitso, dia nanomboka niha-maina ilay izy. Dia hoy izy ireo hoe, "Indro toy ny ahoana no naha-maina haingana an'ilay hazo."

47 Dia hoy Izy hoe, "Manàna finoana an'Andriamanitra. Fa Lazaiko aminareo marina tokoa, raha ianareo . . . " Tsy hoe raha "Izaho," fa raha "ianareo." "Na iza na iza hiteny amin'io tendrombohitra io hoe, 'Mifindrà,' ka tsy misalasala, fa mino fa izay nolazainy dia hiseho, dia ho azonareo izay nolazainareo."

48 Izany no Andriamanitra ao anatinareo. Hitanareo? Iza no afaka mamindra tendrombohitra afa-tsy Andriamanitra? Iza no afaka hitondra zavatra hiseho tahaka an'izany afa-tsy Andriamanitra? Noho izany, hitanareo, any ankoatry ny adi-hevitra rehetra, Andriamanitra dia ao amin'ny Olony. Noho izany dia tokony hifanaja isika. Tokony hifankatia isika. Any ankoatr'ireo sakana ara-anaram-piangonantsika, tokony hifankatia isika, na izany aza. Tsy mampaninona raha tsy mifanaraka aza isika.

49 Angamba, ireo apostoly, tsy nifanaraka izy ireo. Tian'izy ireo ny hahafantatra hoe iza no ho lehibe indrindra, sy zavatra maro. Jaona Marka, ary—ary Paoly tany, izy ireo dia nanana ny . . . Ary i Petera sy i Paoly dia nanana tsi-fifanarahana. Saingy, ireo tadim-pitiavana, izany no ezahantsika hitolomana amin'izao andro izao, ilay Metodista rehetra, Batista, Presbyterana,

Loterana, na inona na inona ilay izy, miaraka isika rehetra, amin'ny maha-antoko Kristiana iray. Ankehitriny dia miezaka isika ny ho fenoina ny Fanahy, hitondra antsika akaikikaiky kokoa an'Andriamanitra. Izany ilay fahitana.

50 Ankehitriny hitanareo ve ny Isaia 1? Ndao isika hanomboka amin'ny andininy faha-14. Ary haka lahateny iray aho, raha sitraky ny Tompo, avy eo amin'ny andininy faha-18, hisintonana ny foto-kevitro.

> *Ny voaloham-bolanareo sy ny fety voatendrinareo dia halan'ny fanahiko: mavesatra amiko izany; sasatra mitondra azy aho.*
>
> *Ary rehefa mananty ny tànanareo* ianareo, *dia hanafina ny maso*ko *aminareo aho: hia, rehefa manao vavaka* be *aza* ianareo, *dia tsy hihaino aho: feno rà ny tànanareo.*
>
> *Misasà ianareo, midiova ianareo; esory ny* ratsy, *ny ratsy amin'ireo fanaonareo tsy ho eo anoloan'ny maso*ko*; mitsahara amin'ny fanaovan-dratsy;*
>
> *Mianara hanao ny tsara; katsaho ny rariny, anaro ny mpampahory, omeo rariny ny kamboty, mandahara ho an'ny* mpitondratena.
>
> *Avia ankehitriny, ary ndao isika hifandahatra, hoy ny* Tompo*: na dia toy ny jaky aza ny fahotanareo, izy ireo dia ho . . .fotsy toy ny oram-panala; na dia mena tahaka ny sily aza izy ireny, dia ho toy ny volon'ondry izy ireo.*
>
> *Raha manaiky* ianareo *ary mankato, dia hihinana ny soa amin'ny tany ianareo:*
>
> *Fa raha mandà ianareo sy mihodina, dia ho lanin'ny sabatra ianareo: fa ny vavan'ny* Tompo *no* efa *niteny an'izany.*

51 Fantatrareo, tato ho ato, dia nandre betsaka mikasika an'ireo kanferansa isika, olona izay miaraka mivory. Izany no resahan'Andriamanitra eto, kanferansa iray miaraka amin'ny Olony. "Avia, ndao isika hifandahatra." Izany no nataontsika tamin'ireo andro vitsy lasa. Ary tena maro amin'ireo firenena no, sy raharaham-pirenena amin'izao andro izao, no mifototra eo amin'ny kanferansa.

52 Teto fotoana vitsy lasa izay, afaka mahatadidy an'ilay izy mora fotsiny aho, ary maro amin'ny olona no mahatadidy, ilay Kanferansin'ny Efatra Lehibe. Novorian'izy ireo niaraka ireo mpitarika efatra lehibe an'izao tontolo izao, tia ny fandriampahaleman'izao tontolo izao, ary nanana kanferansa iray izy ireo. Ary tao amin'io kanferansa io dia niezaka izy ireo ny hanapaka an'izay tsara indrindra hatao.

53 Ary avy eo isika dia nanana an'ilay Kanferansan'i Genève vao haingana, izay, tany Genève, nikambanan'ireo olona tia ny

fandriampahaleman'izao tontolo izao niaraka, mba hanontany mikasika an'izany, ary niara-nifampidinika, mikasika ny fandriampahaleman'izao tontolo izao. Izany no nantsoina hoe Kanferansan'i Genève.

54 Avy eo, raha tsy diso aho, izy ireo dia nanana ny—ny Kanferansan'i Paris, teto ankehitriny, fotoana vitsy lasa izay. Ary nivory tao Paris izy rehetra, mba hiady hevitra an'ilay olana, sy hiezaka ny hitondra fandriampahalemana.

55 Ary ankehitriny ny Filohantsika maha-te-ho tia, Dwight Eisenhower, dia mitety an'izao tontolo izao afaka. Feno an'izany ireo gazety. Ary ny radio, ny amin'ireo resak'Atoa. Eisenhower miaraka amin'ireo olona afaka an'izao tontolo izao, isaky ny kanferansa, miezaka ny ho—ho tonga amin'izany. Ary ny... Milaza izy ireo, ao amin'ireo gazety, mikasika ny hoe izy dia—hoe izy dia voaray tsara tany amin'ny toerana maro, sy ny hoe izy ireo dia mihira ny hiram-pirenena Amerikana, na mampiakatra saina, na manangana saina, raha ny marina, ambony, rehefa tonga izy. Ary—ary ireo hafa dia manome fanomezana ho azy, sy ny sisa. Izany ireo olon'ireo firenena tia fandriampahalemana.

56 Ary heveriko fa isika dia tokony hivavaka ho an'Atoa. Eisenhower, rehefa mametraka ny heriny rehetra izy ireo, mba hiezaka ny hihazona an'ity firenena ity mba hahafahantsika manana fivoriana tahaka an'izao, mba halalaka.

57 Amerika, ao amin'ny otany rehetra sy ny olany rehetra, dia mbola izy no tsara indrindra ananan'izao tontolo izao. Mino an'izany aho. Ary Andriamanitra anie hanampy azy mba ho izany, ary hijanona ho toy izany, satria manana fitsipika sarobidy isika. Fa, ity tany antitra ity dia nampandroana tao amin'ny rà, mba hitahiry an'izany fitsipika izany.

58 Noho izany dia heveriko fa tokony hivavaka isika, isan'andro, mba homban'Andriamanitra an'Atoa. Eisenhower, antitra ary ny fahasalamany dia tsy tena tsara loatra. Ary—ary ilay lehilahy dia ao amin'ny toerany ara-tsosialy, ary manao kabary, sy miezaka amin'ny tsara indrindra ao aminy. Na dia tsy mifanaraka aminy aza ianareo, ao amin'ny politika, dia mivavaha ho azy ankehitriny. Ny firenenareo no tafiditra amin'izany.

59 Inona no hanaovana ny kanferansa? Inona no anton'ireny kanferansa ireny? Tsy maintsy misy antony iray izany, raha tsy izany dia tsy hanao an'ireny kanferansa ireny izy ireo. Tsy maintsy tonga eo amin'ny fanapahan-kevitra iray amin'izay hataony izy ireo. Izany no ilaina ny kanferansa, dia ny handraisana fanapahan-kevitra iray. Ireo olona dia eo amin'ny toerana anankiray, sy eo amin'ny toerana hafa iray, sy fisainana samihafa, ary ireo zavatra kely mipoitra *eto,* ary zavatra anankiray avy *eto,* ary avy *eto* aoriana eto, avy eo dia tsy maintsy tonga miaraka izy ireo ary manao kanferansa iray, ary avy eo

dia mandray fanapahan-kevitra iray amin'izay hataon'izy ireo mikasika an'izany. Ary izany no mahatonga azy ireny hatao.

60 Ary avy eo aorian'ilay fanapahan-kevitra, na ny hanaovana an'ilay kanferansa, dia tsy maintsy manana toerana anankiray izy ireo hanaovana an'io kanferansa io. Ary raha ho voamarikareo, fa, tsy maintsy mahita toerana iray foana izy ireo izay tsara tarehy. Efa tany Genève aho, izay nisy an'ilay Kanferansan'i Genève, tao Paris, sy—sy toerana samihafa izay nanaovana kanferansa. Efa tao amin'ny tranoben'ny U.N. aho. Ary, oh, tsara tarehy izany, indrindra ny ao Genève. Ary tamin'izay fotoana izay tany, izy ireo . . . Mino aho fa izy ireo dia miezaka mifidy an'ireny toerana ireny mba hahatonga an'ilay fanintonana . . . Misy zavatra anankiray, izay, tena milamina ilay izy ary—ary manintona, toy ny hoe miasa eo amin'ny fanahin'olombelona ilay izy. Mino aho fa marina izany.

61 Matetika, ho ahy manokana, ny mihanika tendrombohitra, mandinika ny filentehan'ny masoandro na . . . dia mampientana ahy fotsiny, ary toy ny hoe milamina avokoa ireo fahasamihafako rehetra. Toerana iray, toerana iray, toerana voafidy izay tsy maintsy hanaovana an'io kanferansa io. Ary amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy misy fanapahan-kevitra ho raisina.

62 Ary avy eo dia misy eritreritra hafa iray izay tiako ho azonareo, dia izao, ao amin'ny kanferansa iray, fa tsy manao kanferansa iray mihitsy izy ireo raha tsy misy zava-dehibe tena ilaina. Izany dia amin'ny—ny fotoana sarotra iray, no anaovana kanferansa.

63 Tamin'ny fotoam-pivorian'ireo Efatra Lehibe, dia kanferansa iray izany satria efa nadiva hifarana ilay Ady Lehibe II. Ary tsy maintsy nivory niaraka izy ireo ary nametraka an'ireo paik'adiny rehetra niaraka, ary namolavola zavatra anankiray; Atoa. Churchill, sy Roosevelt, ary ireo hafa. Niezaka ny hametraka an'ireo fisainany niaraka, nanambatra an'izany, mba hahitana an'izay tsara indrindra, satria fotoana sarotra iray izany. Izany dia fotoana iray izay nety nampipoaka an'izao tontolo izao afaka rehetra. Ary Hitler, amin'izao andro izao, no ho mpanao didy jadona an'izao tontolo izao, amin'izay fotoana izay dia tsy ho nanana an'ity fivoriana androany ity isika.

64 Izany no anaovana ny kanferansa, sy ny—ny antony anaovan'izy ireo azy ao anatin'ny toerana voafidy, sy—sy ny antony tsy maintsy anaovany an'izy ireny. Ary raha . . . Ary terena ho an'ny kanferansa iray isika. Izany no fomba fihaonan'izy ireo. Ary izy ireny dia kanferansa lehibe. Tsy misy fisalasalana ao an-tsaiko, ary ny fotoana dia tsy hamela ahy, ny feoko, hanohy sy hilaza an'ireo kanferansa lehibe sasany nandritry ny taona, izay novakiako, tamin'ny andron'i Farao, sy ny sisa. Fa, ireo kanferansa lehibe an'ny rafitr'ity izao tontolo izao ity dia efa natao.

65 Ary, avy eo, dia nanao kanferansa lehibe Andriamanitra. Nisy fotoana iray, tao amin'ny fananana lehibe an'Andriamanitra, izay tsy maintsy nanaovana kanferansa iray. Ary ny voalohany indrindra izay azoko tononona, ho an'ity tany ity, dia ny tao amin'ny sahan'i Edena. Rehefa, tonga tao an-Trano ireo Anjelin'Andriamanitra, dia nitomany, nanao hoe, "Lavo ny Zanakao. Nanota izy, nandika ny Didinao izy." Nisy zavatra iray izay tsy maintsy natao. Lavo niala tamin'ny fahasoavana ilay famoronan'Andriamanitra, ary voatery ho eo amin'ny fisarahana Mandrakizay amin'ny Fanatrehan'ilay Andriamaniny sy ilay Mpanao azy.

66 Fotoana sarotra iray izany, satria ilay Mpanjakan'ny Lanitra no efa niteny hoe, "Ny andro hihinananao an'izany, dia izany andro izany no hahafaty anao." Dia nametraka ny Fahatokiany tamin'ny Zanany, fa ny Zanany no nandika ny Didiny. Nisy zavatra anankiray izay tsy maintsy natao. Famoronany io. Asan'ny Tànany Manokana io. Fitiavan'ny Fony io, ilay Anakandria-masony. Tsy maintsy misy zavatra anankiray hatao. Noho izany dia tsy maintsy nisy fiantsoana kanferansa iray.

67 Nifidy hazo anankiray Andriamanitra tao amin'ny sahan'i Edena. Ary rehefa nanipy hodi-janak'ondry antitra feno rà Izy tao amin'ilay . . . tao ambadik'ireo kirihitra. Niantso an'i Adama sy Eva Izy, ary teo no Nanaovany kanferansa iray, niresaka ary nanao fanefitra iray ho an'io zavatra mampahatahotra izay nataon'ireo Zanany io. Kanferansan'Andriamanitra.

68 Ary nisy fanapahan-kevitra iray noraisina tao. Isan'andro, ao amin'ny kanferansa iray, dia misy fanapahan-kevitra iray. Ary nandray fanapahan-kevitra iray Andriamanitra. Hoe, satria io Eva io dia nanana . . . Rehefa nihazona azy teo amin'ilay fitsanganan'ny vavolombelona Izy, satria izy no nanala ny ain'izao tontolo izao, dia izy izany no tsy maintsy mitondra aina ho an'izao tontolo izao. Ary ho an'i Adama; sy ho an'ny menarana; ary, mazava ho azy, amin'ny maha-lohan'ny taranaka azy, dia ny taranaka rehetra teo ambanin'izany no lavo niaraka tamin'i Adama.

69 Avy eo dia azoko tsaroana ao amin'ny fitadidiako, ny kanferansa iray hafa, ny amin'ny mpaminany mpandositra iray izay nalemy tao amin'ireo fanapahan-keviny, ary nihevitra izy fa lehibe loatra ilay asany. Ary nandositra izy ka naka vady iray ho azy, ary niverina tany an-efitra, ary tany nandritry ny efapolo taona. Mpaminany iray, voahosotr'Andriamanitra, niaraka tamin'ny iraka lehibe iray; teraka teo amin'izao tontolo izao, mpaminany iray. Saingy, kanefa, tamin'io fandrahonan'ny fahadisoany izay nataony io mihitsy, nanao an'ilay izy teo an-tànany manokana raha tokony ho nanaraka an'ireo toromarik'Andriamanitra, dia namono olona izy. Ary tao amin'ilay fandrahonana sy fampitahoran'i Farao, dia nandositra tany an-efitra izy, ary tany nandritry ny efapolo taona.

70 Ary ho an'ireo andevon'i Egypta, dia tena lehibe ilay asa, tena narary ny lamosin'izy ireo, tena torotoro ny fon'izy ireo, hany ka tonga teo anatrehan'Andriamanitra ny fitarainan'izy ireo, hany ka noteren'ny kanferansa iray Izy.

71 Misy fomba iray faneren'ny kanferansa. Afaka manao an'izany ianareo eo amin'ny fiainanareo, fifanatrehana iray.

72 Ireo enta-mavesatr'ilay vahoaka, sy ireo fitarainana, dia lehibe loatra, hany ka voatery Andriamanitra niantso kanferansa iray. Rehefa mandray fanapahan-kevitra iray Andriamanitra, dia tsy maintsy ho toy izany ilay izy. Noho izany dia efa nanana Izy, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, efa nametraka lehilahy iray tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, ho an'ilay tanjona hanafahana an'ireo olona ireo. Ny zavatra rehetra dia efa voarafitr'Andriamanitra mialoha. Ny anaran'io lehilahy io dia Mosesy, Mpanompony. Noho izany, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia efa voafidy i Mosesy mba hanafaka an'ilay vahoaka.

Ary diso an'Andriamanitra i Mosesy.

73 Tokony hanome fahatokiana sy faherezana ho antsika izany. Isika izay diso an'Andriamanitra, dia mbola manana fanantenana foana isika. [Nitehaka ny tànany indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Diso Azy isika, amin'ny maha-fiangonana iray. Diso Azy isika, amin'ny maha-vahoaka iray. Saingy ndao isika hiantso kanferansa iray, hiresaka an'izany miaraka Aminy, hahita an'izay Holazainy amintsika, hahita hoe inona no fanapahan-kevitra hironantsika.

74 Ary diso ilay lehilahin'Andriamanitra, ka tsy maintsy niantso kanferansa iray Andriamanitra. Tsy afaka nampiasa olona anankiray hafa Izy. Izy no nifidy an'i Mosesy. Noho izany dia nandeha tany an-efitra izy, tany ambadikin'ny tany efitra tany ho any, akaikin'i Sinay. Ary nifidy tampon-tendrombohitra iray Izy, sy kirihitra iray, toerana anankiray. Nieritreritra Izy hoe, "Hitondra an'i Mosesy eto ambony eto Aho. Ho toerana tsara iray ity, lavitra ny ondriny, lavitra ny vadiny, lavitra an'ireo zanany, lavitra an'ireo olona rehetra. Ary hiantso kanferansa iray miaraka aminy Aho."

75 Tao, rehefa niresaka tamin'ilay mpaminany Izy, dia tonga teo amin'ilay lohahevitra izy ireo. "Reko ny fitarainan'ny Oloko. Izany no Niantsoako anao, ry Mosesy. Reko ny fitarainan'ny Oloko ery ambany ery, ary Tsaroako fa nanao teny fikasana iray Aho izay tsy maintsy Hazoniko. Ankehitriny maniraka anao ho any Aho."

76 Mosesy dia nanana ny—ny valin-teniny tamin'Andriamanitra. Lehilahy iray izy. Hoy izy hoe, "Fa iza moa aho? Izaho—izaho tsy mahay miteny."

77 Ary avy eo tao amin'io—io kanferansa io, dia hoy Andriamanitra tamin'i Mosesy hoe, "Iza moa no nanao ny

vavan'ny olona? Iza no nanao ny olona hiteny? Iza no nanao ny marenina? Iza no nanao ny moana?"

Dia mbola nitaraina foana i Mosesy. Te-hahita ny voninahitr'Andriamanitra izy.

78 Dia hoy Izy hoe, "Ry Mosesy, raha tianao ho fantatra hoe Iza moa Aho, dia Izaho no Andriamanitry ny asam-pahagagana. Atsipazo amin'ny tany ny tehinao." Ary nivadika ho menarana iray izany. Avy eo dia hoy Izy hoe, "Atsofohy ao an-tratranao ny tànanao." Ary navoakany izany, ka boka ilay izy. Ary rehefa napetrany indray izany ka navoakany, dia sitrana ilay izy. Hoy Izy, "Fantatrao ve hoe Iza Aho, ry Mosesy? Izaho no Andriamanitra izay manao fahagagana. Izaho no Andriamanitra izay manasitrana ny marary sy ny ory. Izaho no Jehovah Andriamanitra."

79 Hoy Mosesy hoe, "Hitako ny Voninahitrao. Mbola misy zavatra anankiray izay tiako ho fantatra, mialohan'ny hifaranan'ity kanferansa ity. Iza no holazaiko an'i Farao fa naniraka ahy?"

Hoy Izy hoe, "Lazao aminy fa 'IZAHO IZAY IZY' no naniraka anao."

80 Tsy hoe "Izaho izay efa izy," na "Izaho izay ho izy." Fa, ankehitriny mandrakizay, "Ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." "IZAHO IZAY IZY," *IZAY* dia fotoana ankehitriny, izao. Mahafoaka ny ho avy izany, ny an'ny ankehitriny, ary—ary ny fotoana lasa, "IZAHO IZAY IZY."

"IZAHO IZAY IZY no naniraka anao."

81 Nandray ny baikony i Mosesy ary nandeha nidina nankany Egypta. Teo am-pivoahana, nitondra an'ireo zanaka, dia tonga ny fotoana iray, tamin'izany, izay nahatery azy ireo. Vahoaka iray, vahoaka iray nantsoina hivoaka, vahoaka iray nosarahana tamin'ny sisa amin'izao tontolo izao! Isiraely dia vahoakan'Andriamanitra, raha mbola tany Egypta foana. Vantany vao tafavoaka an'i Egypta, dia fiangonan'Andriamanitra izy ireo. Ny teny hoe "nantsoina hivoaka," na ny fiangonana, dia midika hoe "nantsoina hivoaka." Noho izany dia nantsoina hivoaka avy tao amin'ny sisa amin'izao tontolo izao izy ireo, ary izy ireo no fiangonana.

82 Izany ilay izy amin'ity maraina ity, ireo izay nantsoina hivoaka avy ao amin'izao tontolo izao, tsy mampaninona izay etiketin'anaram-piangonana entin'izy ireo eny aminy. Raha nantsoina hivoaka izy ireo, dia nosarahana ho an'Andriamanitra izy ireo, ary izy ireo no mambran'ilay Fiangonany lehibe.

83 Noho izany dia nampisaraka ny tenany ireo vahoaka ireo, tamin'ny alàlan'ny fanaterana ny ràn'ny zanak'ondry, ary tamin'ny fametahana an'ilay—ilay rà, teo amin'ny tolanambaravarana. Ary izany dia napetaka tamin'ny hysopa.

84 Jereo. Tiako ianareo hanamarika zavatra anankiray eto. Tena mahavariana ilay izy. Nandidy i Mosesy mba hakan'izy ireo hysopa, sy handona an'izany ao anatin'ilay ràn'ny zanak'ondry, ary hanosotra an'izany eo amin'ny varavarana. Ny rà, mazava ho azy, dia maneho ny Ràn'i Kristy. Ny hysopa dia ahitra tsotra. Afaka mahita an'izany na aiza na aiza ianareo, maka ahitra eran'ny tànana fotsiny.

85 Izany no maneho fa ilay Rà dia tena mora ampiharina. Ny ahitra dia maneho ny finoana, finoana an'Andriamanitra fotsiny. Tsy mila mandeha any an-toeran-kafa any ho any ianareo. Mandray ny finoana an'Andriamanitra fotsiny dia mampihatra ny Rà amin'ny fonareo. Manaova hoe, "Nosarahana tamin'ireo zavatr'izao tontolo izao aho, satria, amin'ny alàlan'ny finoana, dia ampihariko amin'ny momba ahy ilay Rà izao maraina izao. Ho sitrana aho, satria ampihariko eo amin'ny tolanam-baravaran'ny foko ilay Rà. Tsy havelako handona ahy intsony indray ny fisalasalana, fa hiaro ny tenako aho amin'ny alàlan'ny fametrahana ny Ràn'i Jesosy, amin'ny alàlan'ny finoana (hysopako), eo amin'ny varavarako. Ary tsy hisy fahavalo hiditra ao. Izaho dia tsy ho tsy mino ny Tenin'Andriamanitra intsony mihitsy." Fa tsotra toy ny ahoana ilay izy.

86 Nandeha teo amin'ny diany izy ireo, rehefa avy nosarahana, ary vahoaka iray nantsoina hivoaka. Ary tonga teo amin'ny Ranomasina Mena izy ireo. Ary tsy maintsy niantso fiatoana iray izy ireo. Tsy afaka niampita izy ireo. Ilay jeneraly lehibe, Josoa, no tsy maintsy nanangana ny tànany ary nitsoka an'ilay trompetra, hoe, "Mijanona! Ajanony ny fandehanana! Misy sakana iray eo anoloantsika. Manana an'ireo tendrombohitra isika eo amin'ny lafiny rehetra. Eto amin'ny lohasaha iray eto isika, ary tsy maintsy mijanona."

87 Fa rehefa mijanona io Fiangonana io, dia amin'izany no hamelezan'i Satana. Tokony handroso, hatrany sy haingana, mandeha mankao Ziona. Aza mamela an'ilay Fiangonan'Andriamanitra velona ho meloka amin'ny fijanonana.

88 Noho izany dia nijanona izy ireo, ka nanao hoe, "Inona ny olana eto?" Ary vantany vao nijanona izy ireo ka namelatra ny trano-lainy, ary nanomboka nitsahatra vetivety, dia nandre ny firohondrohon'ireo kodiarana izy ireo. Ary ny làlana tokana handosirana nananan'izy ireo dia ny tany aoriana. Ary indro tonga ny tafik'i Farao, niditra mba hanentsina, na hisakan-dàlana.

89 Ianareo miaramila ireo, dia mahafantatra an'ilay paik'ady, hoe ahoana no hamelezana azy ireny. Nisy an'ilay Ranomasina Mena teo alohan'izy ireo, angamba roa na telo maily ny sakany. Teto nisy an'ireo tendrombohitra avo; tsy afaka nihanika azy

izy ireo. Toy ny ondry izy ireo, nihahaka teo, fikendrena iray ho an'ny mpandefa zana-tsipika rehetra. Ary taorian'izy ireo, satria nijanona izy ireo, dia tonga ilay fahavalo.

90 Izany no asehon'io, ry sakaiza, na dia ao amin'ny fandehanana mankany amin'ilay Tany nampanantenaina amin'izao andro izao aza, dia eo amin'ny vikina iray na roa aoriantsika fotsiny ilay fahavalo. Tsy afaka mijanona amin'ity fifohazana ity isika. Tsy azo antsoina hoe fiatoana iray ity. Manohiza mandroso fotsiny. Mandrosoa. Nanana ny fanatrehan'ny Fanahy Masina ianareo miaraka aminareo, afak'omaly hariva, sy omaly hariva. Ankehitriny mandrosoa hatrany ao amin'Izany. Aza miantso fiatoana, fa ilay fahavalo dia akaiky aorianareo.

91 Ary vantany vao voaantso ny fiatoana, ka hita ny tafik'i Farao, tonga teny lavitra teny; ny—ny fieron'ireo kodiaran'ny kalesy, ary nanidina ny vovoka, sy ireo fihorakorak'ireo miaramila. Fotoana toy ny inona! Nampiditra ny olona saiky tao anatin'ny fihendratana iray izany.

92 Fa nisy anankiray, teo anivon'izy ireo, izay nahafantatra fa tsy nisy antony hampikorontana. Efa nanana kanferansa izy tany aloha. Fantany hoe inona no nilaina hahazoana ny fihazonan'Andriamanitra. Noho izany teo, hataontsika hoe, teo ambonin'ilay havoana, teo amin'ny vatolampy anankiray, dia nanafina ny tenany tamin'ny sisa amin'ireo zanak'Isiraely i Mosesy, ary teo izy no nanao kanferansa iray. "Tompo, nandeha teto amin'ity toerana ity aho, saingy sakana iray no nampijanona anay. Tsy maintsy niantso fiatoana iray izahay."

93 Tahaka ny rahalahintsika eto ao anatin'ny seza misy kodiarana. Tahaka anareo angamba mipetraka eo miaraka amin'ny homamiadana iray, na miaraka amin'ny aretim-po iray, na zavatra izay fantatrareo fa hahafaty anareo avy hatrany mihitsy. Ny fahavalo no nampijanona anareo. Izy no nitondra anareo teo amin'ny fiatoana iray. Angamba efa tonga teo amin'ny fiatoana iray ianareo talohan'ny nahazoan'ilay fahavalo anareo. Angamba misy zavatra anankiray eo amin'ny fiainanareo, izay nanao anareo hiato. Na inona na inona ilay izy, dia mbola manana tombontsoa foana ianareo ho an'ny kanferansa iray. Ndao isika hiresaka an'izany miaraka Aminy. Ndao isika hanao zavatra mikasika an'izany. Tsy mampaninona na inona na inona ilay fahavalo, tsy lehibe loatra mihitsy izy ho an'ilay Andriamanitsika. Mila kanferansa iray isika.

94 Noho izany dia niakatra i Mosesy, tao ambadiky ny toerana anankiray, no hilazantsika azy, ary nanao kanferansa niaraka tamin'Andriamanitra. Tsy fantany izay hatao.

95 Angamba tsy fantatrareo izay hatao. Angamba mpanota iray ianareo, ary efa nanao fahotana betsaka. Angamba efa nifoka ianareo mandra-pahatonganareo tsy hety hifoka intsony,

nefa tsy mety afaka amin'izany. Angamba efa nisotro ianareo mandra-pahatonganareo tsy hety hisotro intsony, nefa tsy mety afaka amin'izany. Angamba ianareo efa tonga teo amin'ny toerana izay nahafeno fahotana sy filàna anareo, mandra-pahatonganareo tsy maintsy hijery ny vehivavy rehetra izay hitanareo, ratsy. Na, angamba ianareo efa nanimba aza an'ireo harenareo ara-boajanahary manokana. Angamba ianareo efa tonga teo amin'ny sakana iray. Tsy ahoako na aiza no misy anareo, fa mbola vonona hanatona anareo foana Andriamanitra, ao amin'ny kanferansa iray, ary hiresaka an'izany miaraka aminareo. Angamba ianareo efa nandrava ny tokan-tranonareo. Angamba ianareo efa nandao ny vadinareo lahy, na nandao ny vadinareo vavy. Angamba ianareo efa nandositra ny zanakareo. Mety misy zavatra maro ao amin'io fiainana io, izay namandrihan'ilay fahavalo anareo, saingy, tsarovy, ry rahalahiko, anabaviko, fa mbola manana zo foana ianareo hanana kanferansa iray miaraka amin'Andriamanitra. Eny, tompoko. Resaho miaraka Aminy izany. "Izy no tena fanampiana misy amin'ny androm-pahoriana."

96 Koa dia hitantsika fa nanana kanferansa iray i Mosesy. Ary angamba izao ilay kanferansa, "O ry Mpitarika maherin'ny Isiraely, efa nanao an'ity rehetra ity tamin'ny Didinao aho. Nanao aho. Nitarika an'ireto olona ireto arak'izay Nolazainao tamiko mba hanaovana azy aho. Norakofako tamin'ilay rà ny olona. Nampidina an'ireo loza avy tany an-danitra aho. Efa nataoko ny zavatra rehetra izay Nolazainao tamiko fa hatao. Ary eto izahay, voafandrika. Inona no tsy maintsy hataoko, Tompo? Tsy maintsy manana an'ity kanferansa ity aho miaraka Aminao." Ary angamba nipetraka teo an-tampon'ilay vatolampy izy, na nijoro teo akaiky, teo an-tsefatsefak'ilay vatolampy, izay nivavahan'i Mosesy teo amin'io toerana anankiray, voafidy io, tamin'io fotoana sarotra io.

97 Nisy zavatra tsy maintsy natao, fa raha tsy izany dia ho torotoro ao ambanin'ireo kodiaran'ny kalesy izy ireo. Izy ireo dia hanosihosy, ny ankizy kely Hebreo rehetra. Ny tsirairay avy amin'ireo zaza kely ireo dia hitresaka, ny lohany eo amin'ny vatolampy. Ary ireo reniny dia ho vakiana ny kibony, tao, ary ho voaolana. Ary ireo—ireo rainy dia ho viraviraina. Izany no fotoana sarotra iray.

98 Mety misy izany karazana fotoana sarotra izany, angamba tsy tahaka an'izany mihitsy, fa angamba homamiadana iray no nihazona anareo. Angamba aretina hafa anankiray. Angamba ny fahotana no nihazona anareo. Ary hanorotoro anareo avy hatrany ao anatin'ny helon'ny devoly izany, fisarahana amin'Andriamanitra. Manaova kanferansa iray, haingana.

99 Ary rehefa natao io kanferansa io, dia nitsangana teo amin'ilay vatolampy Andriamanitra, teo anilan'i Mosesy. Dia hoy Izy hoe, "Miverena any amin'ny toby, ry Mosesy. Mandehana

miverina avy hatrany any amin'izay nanombohanao. Izaho no Andriamanitra. Mandehana mankany ary mitenena amin'ny olona, mba handroso. Izaho no hanao làlana rehefa tonga ny fotoana hanaovana an'ilay làlana. Izaho no Andriamanitra manao làlana."

100 Mosesy, rehefa nifarana ilay kanferansa, sy nirava avy teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, niaraka tamin'ny baiko iray mba handroso, dia nandeha nidina ary nanao hoe, "Aza matahotra, ry Isiraely. Mipetraha tsara, amin'ity andro ity, dia jereo ny Herin'ilay Andriamanitsika. Mandrosoa mankany amin'ny ranomasina. Aza miala amin'ilay didy. Ny didy dia hoe, 'Mandrosoa!' Antsika ilay tany nampanantenaina. Eo amin'ny làlantsika io fahavalo io, nanakana antsika. Saingy hoy Andriamanitra hoe, 'Mandrosoa!' Manohiza mandroso."

101 Izany ilay olana amin'ny fiangonana amin'izao andro izao. Miantso anareo Andriamanitra, ary te-hanome anareo fanomezana miampy fanomezana Izy, sy hery miampy hery, ary fahasoavana miampy fahasoavana. Saingy mandrafitra ny tenanareo ianareo, amin'izany, "Tsy afaka mandeha lavitra intsony aho, satria tsy hamela ahy ny fiangonana." Hitanareo? Tsy misy toeram-piatoana ao amin'Andriamanitra, tsy misy toerana ho an'ny anaram-piangonana. Tsy misy toerana ho an'ny karazana fitsipika. Ny zavatra amin'izany, dia mandrosoa. Teneno ny Tenin'Andriamanitra dia mandrosoa. Manohiza mandroso fotsiny. Manohy mandroso. Andriamanitra no miteny fa mety izany, dia mety izany. Nahazo ny irakareo ianareo.

102 Raha hoy izy ireo hoe, "Eny, nandeha tany am-piangonako aho, ary izy ireo no niteny tamiko fa tsy tokony handeha eto amin'io tabernakla io aho. Misavoritaka tanteraka aho ankehitriny, ny amin'ny hoe tokony hahazo ny Fanahy Masina aho, na tsia."

103 Anareo ny teny fikasana. "Ho anareo izany, ary ho an'ny zanakareo, ary ho an'ireo izay lavitra, na iza na iza hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika."

104 Inona? Teneno ny Tenin'Andriamanitra. Andriamanitra no niteny an'izany. Mandrosoa. Diniho ilay fahavalo mihahaka. Diniho ilay Ranomasina Mena misokatra. Manàna kanferansa iray. Mandrosoa. Azo antoka, hisokatra izany. Andriamanitra no làlana fandosirana. Izy no nanao làlana iray, mahitsy mankany amin'ilay tany nampanantenaina. Ny zavatra rehetra izay eo amin'ny Làlany, dia Esoriny amin'ilay làlana izany. Ary raha misy zavatra miditra eo amin'ny làlanareo, amin'izay fotoana izay dia manàna kanferansa iray miaraka amin'Andriamanitra. Resaho miaraka Aminy izany, ary manohiza.

105 Izany no lazain'Andriamanitra amin'i Isaia eto. "Oh, ianareo mpanota. Ny fahotanareo dia toy ny jaky. Nahoana no tsy avy ka

ndao halahatsika miaraka izany? Nahoana ianareo no tsy avy ary miresaka an'ilay izy miaraka Amiko? Ampy ny Fahasoavako."

Ilay Kanferansan'ny Ranomasina Mena.

106 Taona maro lasa izay dia nisy kanferansa hafa anankiray, izay tiako ho resahana fotoana vitsy monja. Izany dia ny vanimpotoan'ny Noely izay hidirantsika ankehitriny, na nisy Krismasy iray, na tsia. Saingy nisy kanferansa iray natao tany An-danitra, hoe ho inona ity drafitry ny fanavotana ity. Ary Andriamanitra no nanapaka an'izany, hoe ho tonga Olona iray Izy, ka hidina Izy ary handray ny Ozony Manokana eo amin'ny Tenany. Tsy ho tsara ho Azy ny haniraka Anjely anankiray. Tsy ho tsara ho Azy ny haniraka olona hafa iray. Na dia nanana zanakalahy iray aza Izy, dia tsy ho tsara ho Azy ny haniraka ny Zananilahy.

107 Tsy ho tsara ho ahy ny hanao an'i Joseph hiaritra an'ireo zavatry ny didim-pitsarako. Tsy ho marina aho, amin'ny fanaovana an'izany. Raha nanonona ny didim-pitsarako aho, ka tiako ny hanavotra an'izany, ny zavatra tokana azoko atao dia ny miaritra an'ilay izy, ny tenako.

Izany ilay famantarana. Izany ilay velim-pahafatesana ho an'i Satana.

108 Ankehitriny, ry rahalahiko Katolika, ary ny maro amin'ireo Protestanta ihany koa, tsy mandratra anareo aho. Fa rehefa manandrana manao an'i Jesosy ho Andriamanitra ambanimbany kely noho Andriamanitra ianareo, manao Azy ho Andriamanitra ambanimbany kely, dia manapaka ny Tongony ianareo, mba hampidina Azy kely fotsiny eo ambanin'ny lohan'Andriamanitra ary manao Azy ho Andriamanitra ambanimbany kely. Tena diso ianareo.

109 Jesosy dia Olona. Izy no niantso ny Tenany hoe ny Zanak'olona. Izany dia kapo-pahafatesana iray ho an'ny devoly.

110 Ny devoly dia avo, nanorina fanjakana iray tsara tarehy lavitra noho ny an'i Mikaela. Kaina, ny zananilahy, dia naniry ny hanamboatra alitara mahafinaritra iray, avy tamin'ireo voankazo sy ny sisa. Tsy mitoetra ao anatin'izany karazana hatsaran-tarehy izany Andriamanitra.

111 Fa, Andriamanitra, mba hamely an'ilay kapo-pahafatesana ho an'ny fahotana, dia jereo hoe ahoana no Nahatongavany. Ahoana no Nisafidianany ny ho tonga? Nisy kanferansa iray tany An-danitra. "Ahoana no Hidinanao? Ahoana no Hanaovanao an'izany, Ray," hoy ireo Anjely.

112 "Handeha ho lasa tahaka ny anankiray amin'izy ireo aho. Ny Lalàm-panavotako, dia, 'Havana akaiky anankiray.' Ary tsy maintsy ho tonga Olona aho, ny Tenako." Izany ilay famelezana izay nandona an'i Satana. Teraka! Afaka nidina niaraka tamin'ireo Kerobima Izy. Afaka nampidina tohatra volamena Izy. Afaka nisy antema nohiraina tany an-danitra,

ka afaka nandeha teto an-tany Izy, ary nandroaka ny zavatra rehetra. Saingy rehefa nanao an'ilay kanferansa Izy, dia nanapakevitra ny ho tonga toy ny Zazakely iray Izy.

113 Ao amin'i Isaia 9:6, no ahitantsika an'izany. "Zaza no teraka ho antsika, Zazalahy no nomena; ary ny fanapahana dia ho eo an-tSorony; ary ny Anarany hatao hoe Mpanolotsaina, Andrian'ny Fiadanana, Ilay Andriamanitra mahery, Ilay Rain'ny mandrakizay. Ary ny Fanapahany dia tsy hanampahataperana."

"Izao no famantarana ho anareo, Zazakely iray," tsy hoe Andriamanitra iray, "Zazakely iray."

114 Jereo hoe taiza Izy no teraka. Tsy maintsy notapahina izany, tao amin'ilay kanferansa, aiza no Hahaterahany, mba hananana antoka an'izany fa Olona Izy. Teraka tao anatin'ny tranon'omby iray Izy. Izy no nisafidy, raha tokony ilay—ilay mpiambina ny lapa ivoara no hitondra Azy, raha tokony ho Anjely mpiandry anankiray, raha tokony ho Kerobima mihodinkodina, miaraka amin'ny—miaraka amin'ny hanitry ny Lanitra, dia nampifotetaka ny Tenany Izy, nametraka ny Tenany tao anatin'ny tranon'omby, teo ambonin'ny zezik'ireo biby, ilay fotaka sy loton'izao tontolo izao. Olona Izy. Tsy Andriamanitra ambanimbany kely Izy. Olona Izy. Teraka tahaka antsika, tamin'ny alàlan'ny lotom-pahaterahana, nivoaka avy tao amin'ny kibom-behivavy iray. Tsy Andriamanitra iray; Olona iray! Tsinontsinona Izy, ary, tsy mahagaga, ilay famantarana lehibe indrindra.

115 Mahita ianareo ao anatin'ny fivoriana, an'ilay famantaran'ny fahafantarana, ilay Fanatrehan'Andriamanitra velona. Mahita ianareo an'ireo famantarana n'aiza n'aiza, ny Aminy. Saingy mamelà ahy hiteny an'izao aminareo, ry rahalahiko, ry anabaviko. Tsy nisy famantarana anankiray mihitsy, izay tena nanaitra, tahaka an'ilay famantarana izay nolazain'ireo Anjely tamin'ny mpiandry ondry hoe, "Ianareo dia hahita Azy ao anatin'ny tranon'omby, voahodidina lambanjaza." Azonareo jerena hoe inona Andriamanitra. Izany ilay izy. Izany no mahatalanjona ahy, amin'izao andro izao.

116 Nahoana no afaka tonga ao an-tanàna ny fifohazana iray, avy amin'ny evanjelista tena malaza anankiray, ka mankao ilay olona ambony malaza, ny ben'ny tanàna, sy ireo olona ambony rehetra, na ny tsara akanjo, ka ilay mahantra dia karazan'ny voahilika? Ary miresaka ny amin'ny mpitoriteny anankiray ianareo izay manana fahaizana lehibe anankiray, ka mahay miteny an'ireo teny mazava indrindra izy izay hamalifaly fotsiny ny fahazoanareo, miaraka amin'ireo teny lehibe izay tsy ho azon'ny mahantra mihitsy, nefa ianareo rehetra dia miantso an'izany hoe malaza.

117 Tsy hitanareo ve fa ao anatin'ny fanetre-tena Andriamanitra? "Izao no ho famantarana. Ilay Zazakely dia ho voahodidina lamban-jaza, ary handry ao anatin'ny fihinanam-bilona iray, eo ambonin'ny zezik'omby sy ondry." Oh, oadray! Izany no famantarana iray. "Izao no famantarana ho anareo. Ianareo dia hahita an'ilay Zazakely ao."

118 Matetika, dia mieritreritra ny olona hoe, "Ao amin'ny tabernakla anankiray kely, triatriatra ratsy, mpitory teny izay zara raha mahafantatra ny ABD-ny, jiolahy sy mpanao hosoka, sy ny sisa hafa, izay niova fo, tsy manana fahaizana, ary mampiasa ny fiteny tatsimony toy ny his, 'hain't,' sy 'carry,' sy 'tote,' ary 'fetch,' tsy hahita an'Andriamanitra ao mihitsy ianareo."

119 Saingy ao no ahitanareo Azy, voahodidina lamban-jaza, fanetre-tena. Mihevitra ianareo fa ho tonga ao amin'ny fomba malaza izany. Raha te-hanao ny tena kanferansanareo miaraka amin'Andriamanitra ianareo, dia andian'olona tahaka an'izany alaina, avy eo dia resaho ilay izy. Afaka hahita ny asan'Andriamanitra ianareo, hoe ahoana no tsy Nakany mpanao sokitra anankiray, artista malaza anankiray sy ny sisa, ka hanome azy fiteny ara-tsaina iray. Fa naka zavatra anankiray izay tsinontsinona Izy, nidina tahaka ny Nataony fotsiny tamin'ny voalohany.

120 Olona anankiray no nilaza, vao tsy ela izay hoe, "Raha io fahafantarana sy fanasitranana io, sy ny sisa, no avy amin'Andriamanitra, dia ho nanana an'izany ilay laharam-boninahitra Katolika."

121 Nahoana no tsy nanana an'izany ilay laharam-boninahitra Jiosy? Tsy teraka tao anatin'ilay lapa izany. Teraka tao anatin'ny tranon'omby izany. Tsy nanana lamba nisy peta-kofehy mba hanaovana Izy, fa voridamba avy teo amin'ny lamosin'ny ziogan'omby iray. Nandry teo ambonin'ny zezika; ilay Zanak'Andriamanitra, ilay tabernakla izay nonenan'Andriamanitra. Izany no Notapahiny hahatongavana. Nefa isika dia mila manana an'ireo vozon'akanjo mivadika sy akanjo mirebareba, ary fiangonana goavana, tsara tarehy sy lakolosy volamena. "Izao no famantarana. Ianareo dia hahita Azy ao anaty lamban-jaza, voahodidina lamban-jaza, ary mandry ao anatin'ny fihinanam-bilona. Izany no famantarana ho anareo."

122 Andriamanitra mitoetra ao anatin'ny fanetre-tena. Tsy hoe ao amin'ny fisehosehoana; izany foana ny hevitr'ilay devoly. Tonga ao anatin'ny fanetre-tena Andriamanitra. "Izany no famantarana iray." Tsy hoe Andriamanitra ambanimbany kely anankiray, fa Olona iray. Olona iray! Nitomany tahaka ny zazakely Izy, raha mbola Zazakely Izy. Nilalao teny an-dàlambe izy, toy ny zazalahy iray, rehefa Zazalahy iray Izy. Niasa

tao amin'ny trano fandrafetana niaraka tamin'i Josefa Izy, toy ny Olona iray eo am-piasana. Nihinana Izy rehefa noana Izy. Tsemboka Izy rehefa nafana Izy. Nitomany Izy rehefa vonton'alahelo Izy. Olona iray Izy.

123 "Izao no famantarana ho anareo. Andriamanitra dia hitoetra hiaraka aminareo, ao anatin'ny manetry tena . . . " Tsy hoe olona iray malaza, tena ambony, fa Olona kely iray, ambany tsy manana fiofanana. Famantarana iray! Izany no famelezam-pahafatesana iray ho an'ny devoly, teo mihitsy. Izany no famelezam-pahafatesana iray ho an'ny anaram-piangonana rehetra sy ny fisehosehoana, ary ny fisehosehoana rehetra sy ny voninahitr'ity izao tontolo izao ity. Famelezam-pahafatesana izany, fa ilay Andriamanitry ny Lanitra no nisafidy ho tonga tamin'izany fomba izany.

124 Izany no nitranga tao amin'ilay kanferansa. Tsy maintsy notapahina izany. Izany no fomba Nosafidiany hahatongavana. Tsy voatery ho tonga tamin'izany fomba izany Izy. Izy no Andriamanitry ny Lanitra, saingy nisafidy ny ho tonga toy ny Zazakely anankiray Izy. Nisafidy ny ho tonga tamin'izany fomba izany Izy. Izany no nitranga tao amin'ilay kanferansa tany An-danitra.

125 Mamelà ahy hilaza fotsiny, kanferansa anankiray hafa, na roa. Mamelà ahy hilaza an'ity anankiray ity. Nisy fotoana iray . . . rehefa avy niaina fiainana iray tanteraka nandritry ny telopolo taona sy tapany. Lehilahy anankiray izay tia niaina arak'izay tiako iainana, arak'izay tianareo iainana. Lehilahy iray Izay nanana zavatra anankiray hivelomana, ireo rahalahy izay Tiany, ireo olona izay Tiany, ireo filentehan'ny masoandro izay Tiany jerena. Tsarovy, fa Jesosy dia Lehilahy iray. Andriamanitra no tao Aminy.

126 Tonga ny fotoana iray, rehefa nitarika an'ilay Zanak'ondry ny Fanahy, ilay Voromailala.

127 Tsy maintsy nisy kanferansa iray teo amin'ilay Zanak'ondry sy ilay Voromailala. Ary nanao toerana anankiray izy ireo hametrahana an'izany. Taorian'ny sakafo hariva tamin'io hariva io, dia niampita teo amin'ny renirano kely iray izy ireo, Kerita, ary, na tany ho any. Ary nandeha niampita an'ilay renirano kely, ka niditra tao amin'ny saha iray nantsoina hoe Getsemane. Tsy maintsy nanana kanferansa iray izy ireo. Andriamanitra sy Kristy no tsy maintsy niresaka an'ilay izy. Ilay Zanak'ondry sy ilay Voromailala no tsy maintsy niaraka nipetraka. Ilay Voromailala no tsy maintsy niresaka tamin'ilay Zanak'ondry, ary izany dia ny fahafatesan'ilay Zanak'ondry.

128 Ankehitriny, rehefa nipetraka teo akaikin'io vatolampy io izy ireo, ary ireo Anjely rehetra dia nidina avy tany An-danitra, mba hihaino an'io kanferansa io. Oh! Teo i Gabriela, Mikaela,

Abadona, ireo an'arivony rehetra tamin'izy ireo, nipetraka manodidina an'ilay vatolampy.

129 Niteny tamin'ireo Mpianany Izy, sasatra, avy nanana fivoriana lehibe maro izy ireo, dia reraka, angamba tahaka anareo izao maraina izao. Fa hoy Izy hoe, "Hiambina miaraka Amiko ora iray fotsiny ve ianareo? Fa tsy maintsy handeha ery Aho ary hanana kanferansa anankiray. Tsy maintsy mandeha irery Aho." Ary izy ireo rehefa . . .

130 Vita ilay kanferansa. Ary ilay Zanak'ondry, tanora, fiainana mahafinaritra, tsy nisy fiainana iray tahaka an'izany mihitsy. Tsy nisy mihitsy, tsy hisy, fiainana iray tahaka ny nananan'ilay Zanak'ondry. Fa ankehitriny dia hoy ilay Ray hoe, "Sitrakao ve? Tena lehibe ve ny Fitiavanao an'ireo Rahalahinao? Ny Fitiavanao an'ity izao tontolo izao mpanota, maimbo izay Nahaterahanao ity ve, tena Tianao ve izy ireo ka hamoizana ny Ainao? Tena tianao ve izy ireo ka handray ny toerany, hitondra ny fahotan'izy ireo, ao amin'ilay fahafatesana mavesatra indrindra, fahafatesana sarotra?" Ianareo. . . Tsy nisy na inona na inona maty tamin'io karazana fahafatesana io afa-tsy Izy.

131 Ary tao amin'io kanferansa io, fanapahan-kevitra tahaka an'izany no noraisina, hany ka niraraka avy teo amin'ny Handriny ny Rà. Teo ambanin'ny fisintonana mafy anankiray Izy. Ny fahotan'izao tontolo izao no teo Aminy. Ary tamin'izay fotoana izay dia nijery nanatrika an'ilay Voromailala Izy, ka nanao hoe, "Tsy ny Sitrapoko, fa ny Sitraponao no aoka hatao."

132 Oh, afaka manana an'izany fanapahan-kevitra izany ve isika ao am-pontsika izao maraina izao? Afaka mamoy an'io fiainanareo kely, maloto io ve ianareo? Manaiky ny hijery ny Endriny ve isika ka hanao hoe, "Tsy ny sitrapoko"? "Mpimamo aho, fa tsy hisotro intsony. Mpiloka aho; tsy hisotro intsony aho. Ratsy fitondran-tena aho, fa tsy ho amin'izany fomba izany intsony aho. Mpandainga aho, fa hajanoko izany androany. Olona adala aho. Fa ao amin'ity kanferansa ity, izao maraina izao, dia hijery ny Endrikao aho, ary handray, tahaka an'ilay Tompoko Izay maty ho ahy, hanao ny làlako hazava, 'Tsy ny sitrapoko; fa ny Sitraponao.' Raha ny tokan-tranoko no tambin'izany ho ahy. Raha ny vadiko lahy no tambin'izany ho ahy, ny vadiko vavy, ny raiko, ny reniko, ny fiombonako, ny maha-mpikambam-piangonana ahy, na inona na inona no tambin'izany ho ahy. Ao amin'ity kanferansa ity, izao maraina izao, dia lazaiko fa tiako ny Fanahinao Masina no hipetraka ao amiko. Reko ny mikasika an'Izany. Tiako ho ao amiko Ianao. Tsy ny ahy, fa ny Anao. Izany no fanapahan-kevitro." Andriamanitra no nanondro an'ilay toerana, tsy hoe eo ambonin'ny toerana avo, manerinerina anankiray, fa tabernakla kely manetry tena iray izay efa hianjera. Manana kanferansa iray isika.

133 Mamelà ahy hiresaka kanferansa anankiray indray eto, fotoana vitsy monja. Maro no mety nampianarina an'izany. Nisy kanferansa iray taorian'ny Fahafatesany, fandevenany, ary fitsanganany. Nisy zavatra iray tsy maintsy natao. Izy ireo dia olona izay nanana fandraisana ara-tsaina, noho izany dia nisy kanferansa lehibe hafa anankiray natao. Fantatsika izany, ao amin'ny Baiboly, hoe ny Pentekosta.

134 Tsy maintsy nanana kanferansa anankiray izy ireo. Ary nisy zavatra iray izay tsy maintsy natao, satria hoy Jesosy hoe, "Aza mitory teny intsony. Aza mihira intsony. Aza mandeha mivoaka sy mitory intsony. Fa mila kanferansa iray miaraka aminareo Aho. Ary ao amin'io kanferansa io, dia hitondra ny Fanahy Masina Aho. Fa miakara any an-tanànan'i Jerosalema, ary miandrasa ao Mandra-piveriko. Tsy maintsy hiakatra any An-danitra Aho, mba hamela azy ireo hifaly. Ary Izaho tsy maintsy hiakatra eo amin'ny—ny Seza fiandrianan'ny Voninahitra," ilay vatana, Jesosy, "fa Izaho handeha. . . Hanana kanferansa iray izahay Any. Ary ilay Andriamanitra izay mitoetra ato Amiko no nampanantena fa afaka miverina indray Aho, ary ho ao aminareo Aho; homba anareo, ao aminareo, hatramin'ny fahataperan'ny fahafonganana mihitsy aza, an'izao tontolo izao. Mandra-pahatapitr'izany, dia homba anareo Aho. Ary ireo asa Ataoko no hataonareo koa."

135 Noho izany dia tsy fantatr'izy ireo hoe ahoana no mba hanaovan'izy ireo an'io, noho izany dia tonga tao amin'ny Pentekosta izy ireo, ary roapolo amby zato no niditra tao amin'ilay efitra ambony ka nanidy an'ilay varavarana, ary niandry izy ireo dia niandry izy ireo.

136 Ny olana amintsika, raha vao tsy mahazo ny—ny fihaonana amin'Andriamanitra ao anatin'ny folo minitra eo ho eo isika, dia reraka isika, marary ny lohalitsika. Te-hiala isika. Raha vao tsy mamaly antsika arak'izay tiantsika fotsiny Izy, ny fomba heverintsika, dia tofoka Aminy isika. "Oh, avia, ndao isika hifandinika."

137 "Miakara eo amin'ny Pentekosta. Te-hifampidinika an'izany miaraka aminareo Aho. Miakara fotsiny ao ary miandrasa."

138 Folo andro, no nipetrahan'izy ireo, niandry, nivavaka, sy ny sisa, niandry an'ilay teny fikasana. "Ary tampoka teo, dia nidina avy tany An-danitra ireo valin'ilay kanferansa, ny Fanahy Masina, tahaka ny rivotra mahery mifofofofo, ary nameno ny trano rehetra izay nitoeran'izy ireo Izany. Feno ny Fanahy Masina izy ireo." Ary nandroso izy ireo, nitory ny Teny.

139 Rehefa manana kanferansa maneran-tany isika, dia mazàna izy ireo no mifidy toerana. Ary inona no ataon'izy ireo ao amin'izany kanferansa izany? Misotro zava-pisotro izy ireo, zava-pisotro mifangaro. Mifoka sigara be sy sigara izy

ireo. Mifandainga izy ireo, sy mifamitaka, nefa miresaka fandriampahaleman'izao tontolo izao.

140 Fa rehefa miantso kanferansa anankiray Andriamanitra, dia fifadian-kanina izany, fanadiovana, vavaka, fandraisana baiko, ary fandrosoana. Izany no kanferansan'Andriamanitra. Tsy fihinanan-kanina, fa fifadian-kanina. Tsy fanaranam-po ao amin'ny loto, fa fisarahana, fanadiovana ny tenanareo miala amin'ny tsi-fahamarinana rehetra, rehefa mandeha eo anatrehan'Andriamanitra ianareo. Manadio ny tenanareo amin'ny finoana, amin'ny alàlan'ny fampiharana ny hysopa eo amin'ilay Rà ary manadio ny fonareo, sy mandeha eo anatrehan'Andriamanitra, ho an'ny kanferansa iray. Izany no karazana kanferansa rehefa mihaona amin'Andriamanitra ianareo, amin'izay fotoana izay Andriamanitra no manome baiko anareo. Amin'izay fotoana izay ianareo dia mandroso, handeha hiaraka aminareo Izy.

141 Misy maro ireo kanferansa lehibe izay azontsika eritreretina. Saingy tsy hamela antsika ny fotoana. Nisy kanferansa iray tamin'ny farany.

142 Nisy kanferansa iray tamin'ny andron'i Martin Luther, tao amin'ny fanavaozana. Niantso an'i Martin Luther Andriamanitra, mba hitory ny fanamarinana, ary nataony izany.

143 Nisy kanferansa iray izay natao tamin'ny andron'i Wesley, tany Angletera, mba hitory ny fanamasinana, ary dia nijoro vavolombelona i Wesley.

144 Nitondra ny akanjony aho, ilay akanjo farany izay nanaovany, akanjo lava. Nitsangana teo amin'ny polipitrany aho rehefa nitory tamin'ireo dimanjato sy arivo izy isaky ny maraina amin'ny dimy. Nandohalika tao amin'ny efitra aho ary nisaotra an'Andriamanitra noho ny fiainany, ilay tena efitra izay nahafatesany. Tao, ny Fanahy no teo amiko, nieritreritra aho hoe, "Eny, marina i Wesley."

145 Ireo Anjely masin'Andriamanitra, ary Andriamanitra, no nanao kanferansa iray, hoe izany no fotoana hitoriana ny fanamasinana, ary nifidy an'i Wesley izy ireo. Ary marina izy ny amin'izany.

146 Avy eo dia tonga ny Pentekotista. Izany no fotoana ho an'ny famerenana Pentekotista. Nisy kanferansa iray natao tany Andanitra. "Izany ve no fotoana handrotsahana ny fahafenoan'ny Fanahy?" Ary nilatsaka Izany, ary nitory an'Izany izy ireo. Ary nahazo an'Izany isika, ary nandray ny Fanahy Masina.

147 Ankehitriny dia mino aho fa ao amin'ny kanferansa anankiray hafa isika, izany hoe, ny Fihavian'ilay Zanak'Andriamanitra. Hoy Izy tamin'ireo Mpianany hoe, "Tsy Fantatro ny minitra na ny ora; tsy misy mahafantatra, na dia ireo Anjely aza. Fa hisy kanferansa iray indray andro any," amin'ny teny hafa, "ary ny Ray no hanapa-kevitra amin'ilay fotoana izay

Hiverenako." Mino aho fa efa mandeha izany kanferansa izany. Efa raisina ireo fanapahan-kevitra.

148 Ho tonga eto an-tany ny Fanahiny, tena mahery, hany ka hitsangana eo amin'ny fiangonana Izany, hamantatra ny fisainan'ny fieritreretana. Araka ny nolazain'ny Baiboly hoe, "Ny Tenin'Andriamanitra dia maranitra, mahery lavitra noho ny sabatra roa lela, mampisaraka ny tsoka amin'ny taolana, ary Mpamantatra ny fisainan'ny fo."

149 Rehefa tonga i Filipo ka niova fo, ary nandeha sy naka an'i Natanaela. Ary Natanaela dia nentina, ilay Jiosy, teo anatrehan'i Jesosy. Ary noresahiny taminy ny momba Azy, nanao hoe, "Eny, ry Natanaela, nahoana, andro vitsy lasa izay, dia nanatona Azy ny mpanjono tsy nianatra anankiray, ary Fantany. Nantsoiny ny anarany, nolazainy azy hoe iza izy. Tsy fantatrao ve, fa ny Mesia izay nolazain'ny mpaminanintsika dia ho avy, tsy fantatrao ve fa izany Mesia izany dia tsy maintsy ho mpaminany iray, Mpaminanin'Andriamanitra? Io Izy io. Izy izany."

150 Tsy maintsy niteny i Natanaela hoe, "Tsy mino an'izany aho. Ny tenako mihitsy no handeha hijery." Fa rehefa nandeha teo amin'ny Fanatrehan'i Jesosy izy, dia hoy Jesosy hoe, "Indro ny Isiraelita izay tsy misy fitaka ao aminy."

151 Ary rehefa nanao an'izany Izy, dia hoy izy hoe, "Oviana no Nahafantaranao ahy, Raby?"

152 Hoy Izy, "Talohan'ny niantsoan'i Filipo anao, rehefa teo ambanin'ny aviavy ianao, dia efa nahita anao Aho."

Hoy izy hoe, "Ianao no Zanak'Andriamanitra. Ianao no mpanjakan'ny Isiraely."

153 Rehefa, ilay vehivavy avy ao Samaria, izay nanana vady dimy, no nanatona Azy. Ary nilaza izy. . . Rehefa nanomboka naka ny ranony izy, dia hitany io Jiosy io, nipetraka. Hoy Izy hoe, "Itondray rano Aho."

154 Hitanareo, nangetaheta Izy, toy ny Olona iray. Olona iray Izy. Tao amin'ny Vatany, dia Olona iray Izy. Tao amin'ny Fanahy, dia Andriamanitra Izy. "Andriamanitra nitoetra tao amin'i Kristy, mampihavana an'izao tontolo izao amin'ny Tenany."

Hoy Izy, "Itondray rano Aho."

155 Hoy izy hoe, "Nahoana, tsy fomba fanao izao." Amin'ny teny hafa dia hoe, "Misy fanavakavahana eto amintsika. Tsy tokony hangataka amiko an'izany Ianao."

Hoy Izy hoe, "Saingy raha fantatrao fotsiny mantsy hoe Iza no niresahanao."

156 Oh, manontany tena aho, izao maraina izao, raha mba fantatsika hoe inona no ato anatin'ity efitra ity. Raha mba fantatsika fotsiny mantsy fa ilay Fanahy Masina, Izy tenany, ilay Tokana izay ho vavolombelona ho antsika na hanohitra antsika,

amin'ny Andron'ny Fitsarana, dia ato amin'ny efitra mihitsy, ary mahafantatra ny fisainantsika.

157 "Raha mba fantatrao fotsiny mantsy hoe Iza ilay miresaka aminao, dia ianao no hangataka rano Amiko."

Hoy izy hoe, "Lalina ny fantsakana."

158 Nanohy niresaka taminy Izy mandra-Pahazoany ny fanahiny. Ary hoy Izy hoe, "Alaivo ny vadinao dia tongava eto."

Hoy izy hoe, "Tsy manana aho."

159 Hoy Izy, "Tsara ny nolazainao. Efa nanana dimy ianao, ary ny anankiray izay iarahanao mipetraka ankehitriny dia tsy vadinao."

160 Hoy izy hoe, "Tompoko, hitako fa mpaminany Ianao. Ankehitriny dia fantatray, fa rehefa tonga ny Mesia, dia Izy no hanao an'ireo zavatra ireo. Fa Iza moa Ianao?"

161 Hoy Jesosy hoe, "Izaho no Izy." Oh, oadray! "Izaho no Izy, izay miresaka aminao." Lehilahy tsotra iray, nangataka rano, fa tsy hoe zavatra iray mihaingo fatratra avy tany An-danitra. Tsy nisy Seza fiandrianana Fotsy nipetraka teo, fa Lehilahy iray [Nandondona in-efatra ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] nangataka rano fisotro, mba hampitony ny Hetahetany! "Izaho no Izy izay miresaka aminao."

162 Ary nihazakazaka tany an-tanàna izy ary nanao hoe, "Avia, hijery Lehilahy iray Izay niteny tamiko an'ireo zavatra izay nataoko. Tsy izao ve no famantaran'ny Mesia? Tsy Izy ve izany?"

163 Io Anankiray io ihany ilay naminaniana, niaraka tamin'ireo mpaminany taloha ao amin'ny Testamenta Taloha. Hoy Izy, "Hisy andro iray izay amin'ny teny hafa dia hoe hikambanan'izy ireo amin'ny fiangonana fotsiny, sy handehanany any ampiangonana ary ho olona tena mahafinaritra. Ary hanana rafipandaminana izy ireo sy ny sisa. Ary izany dia ho andro maloka, sady tsy aizina no tsy Hazavana. Fa amin'ny andro hariva, dia hisy Hazavana." Tsy maintsy tanteraka ireo faminaniana ireo.

164 Tsaroanareo ve, omaly hariva, ilay kanferansantsika tany An-danitra? Nentin'Andriamanitra niakatra ireo Anjely rehetra, manodidina, mba hanao kanferansa iray, hoe iza no Azony hampanatanterahana ny tenin'ilay mpaminany, hitondra an'i Elia hivoaka . . . na ny tiako lazaina dia i Ahaba hivoaka eo, mba hamonoana azy.

165 Ankehitriny dia misy kanferansa iray izay atao any An-danitra. Eto ilay Hazavan'ny hariva. Ireo baomba atomika sy ny sisa dia mihantona n'aiza n'aiza, ary ao amin'ny andro farany isika. Tsy maintsy tonga eo amin'ny fiafarana iray ireo kanferansan'izao tontolo izao. Tonga ny andron'ny kanferansan'Andriamanitra. [Nandondona in-efatra ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Tsy maintsy tanteraka eo amin'ny Jentilisa ireo Teny ireo. [Nandondona im-balo Rahalahy

Branham.] "Ireo asa izay Ataoko no hataonareo koa." Eto ilay andro. Efa natao ilay kanferansa. Eto ilay Fanahy.

166 Ankehitriny, ry sakaiza, eto am-pamaranana, dia izao no lazaiko. Ao amin'ny kanferansa anankiray ianareo, izao maraina izao. Ao ianareo. Ary ny mombanareo dia efa vonona ny halahatra. Ny—ny momba ny aretinareo dia efa vonona ny halahatra eo anatrehan'Andriamanitra iray mpamindra fo. Ny momba ny fahotanareo dia efa vonona ny halahatra eo anatrehan'Andriamanitra iray mpamindra fo, ary manàna antoka fa manaiky an'izany ianareo.

167 Fa, mamelà ahy hiteny aminareo, hiresaka aminareo ny amin'ilay kanferansa farany izay hany hatao aho. Andriamanitra anie hamindra fo. Zavatra tokana ihany no hijoro Any: mihavana. Izany dia ny Fitsarana. Ary ny zavatra tokana izay hihavananareo, dia rehefa avy nanaiky ny Ràn'i Jesosy Kristy ianareo, ho famelana anareo, ary nofenoina ny Fanahiny. Misy kanferansa iray izay hihaonan'ny lehilahy rehetra, hihaonan'ny vehivavy rehetra, hihaonan'ny ankizy rehetra. Misy toerana iray nofidiana izay hanaovana an'io kanferansa io, ary hisy Seza fiandrianana Fotsy an'ny Fitsarana hipetraka. Navelan'Andriamanitra hijery an'izany ireo Mpaminaniny, ka nanao hoe, "Nisokatra ireo Boky, ary Boky iray hafa koa, dia ny Bokin'ny Fiainana. Mpitoriteny sy Anjely an'alinalina no manompo Azy."

168 Amin'izay fotoana izay, dia voasoratra hoe, "Raha saiky tsy voavonjy ny marina, dia aiza no hisehoan'ny mpanota sy ny tsy masina?"

169 Inona no toeranareo ao amin'izany kanferansa izany? Mety afaka niala fotsiny an'ireo rehetra ireo ianareo, nandritry ny fiainanareo. Afaka mivoaka an'ity varavarana ity ianareo, izao maraina izao, ary afaka niala fotsiny an'ity anankiray ity. Saingy, ry sakaizako, tsy ho afaka miala amin'io anankiray io mihitsy ianareo. Tsy maintsy ho tonga Eo ianareo. "Fa notendrena ho faty indray mandeha ny olona, fa aorian'izay dia ny Fitsarana." Hisy kanferansa lehibe izay hijoroantsika rehetra miaraka. Ary hanao tatitra ny amin'ity maraina ity isika, an'ity kanferasan'ny tany izay nataontsika ity izao maraina izao.

170 Raha mpanota iray ianareo, dia ekeo ny Famindram-pony raha mivavaka isika, raha manondrika ny lohanareo ianareo.

171 Mialoha indrindra ny hivavahantsika, ary ianareo miaraka amin'ny lohanareo miondrika, dia manontany tena aho, izao maraina izao, mipetraka eto amin'ity kanferansa ity, raha tsy niteny taminareo ny Fanahy Masina hoe, "Meloka ianao."

Ary miteny angamba ianareo hoe, "Fanahy Masina, Hitanao, tahaka an'*izao* ilay izy."

172 Izany no nolazain'i Mosesy teo amin'ilay kanferansan'ny Ranomasina Mena. "Tahaka an'izao ilay izy, Tompo. Tonga

hatreto aho, saingy tsy afaka mandeha lavitra intsony. Misy zavatra anankiray eo amin'ny làlako."

173 Mety misy zavatra anankiray angamba eo amin'ny làlanareo. Fa, tsarovy, Andriamanitra no niteny tamin'i Mosesy hoe, "Mandehana, mitenena amin'ny zanak'Isiraely, dia mandrosoa."

174 Raha tianareo ny ho tsarovana ao amin'ny tonom-bavaka iray, dia hanangana ny tànanareo fotsiny ve ianareo ka hanao hoe, "Mivavaha ho ahy, rahalahy." Andriamanitra hitahy anareo. Oadray! Manerana ny tranobe rehetra, misy tànana roa ambin'ny folo.

175 Ray An-danitra, miaraka amin'ity feo simba ity reraka raha ny marina, noho ny fitorian-teny, saingy tamin'ny fomba iray, iray hafa, dia ny Fanahy Masina no nanome ho an'ny olona ny fisainana an'izay dikan'izany. Rehefa, hoy ny mpaminany hoe, "Avia ankehitriny, ndao isika hifandahatra, hoy ny Tompo."

176 "Ankehitriny avia, ndao isika hanao kanferansa iray miaraka amin'ny tsirairay avy, eo amin'ny seza izay ipetrahantsika mihitsy. Mipetraka eto Aho, eto anilanareo. Miresaka aminareo Aho."

177 "Fa, Tompo, efa nanota aho," hoy ilay mpanota. "Nahavita betsaka aho. Izaho—izaho dia tsy mino fa afaka mamela ahy Ianao, Tompo. Mpisotro aho. Mpijangajanga aho. Izaho dia, oh, olona ratsy laza. Tsy mino aho, Tompo, fa hisy anjara iray ho ahy."

178 Amin'izay fotoana izay dia rentsika ireo Teny mahafinaritra miverina indray hoe, "Na dia toy ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy toy ny oram-panala izany. Na dia mena tahaka ny sily aza izy ireny; naka ny ain'ireo zazakely maro talohan'ny nahaterahany, ary—ary ireo zavatra mahatsiravina. Na dia mena tahaka ny sily aza izy ireny, dia ho fotsy toy ny volon'ondry." Famindram-po toy ny inona! "Ndao isika hifandahatra," hoy Andriamanitra ankehitriny.

Avelao izahay ho tonga, hanao an'ity kanferansa ity, Tompo.

179 Ary—ary Ianao no miresaka amin'ny Olonao. Manangana ny tànany izy ireo, izany no maneho fa Ianao no mipetraka eo anilan'izy ireo. Fa izao no voasoratra ao amin'ny Soratra hoe, "Tsy misy olona afaka manatona Ahy, raha tsy ny Raiko aloha no mitarika azy. Ary izay rehetra omen'ny Ray Ahy no hanatona Ahy. Ary Izaho hanome azy Fiainana mandrakizay, ary hanangana azy amin'ny Andro farany."

180 Ankehitriny ekeo, Tompo, mba ny tsirairay avy izay nanangana ny tànany, ary ireo izay tsy nanangana ny tànany, na aiza na aiza hanaovana an'ireo kanferansa Kelinao isambatan'olona ato amin'ity tranobe ity izao ankehitriny izao mihitsy, miaraka amin'ny olona, enga anie izy ireo hanaiky ny Fahasoavanao mamela sy ho fenoina ny Fanahinao, ary

voasasan'ny Rànao. Ary eo amin'ny faran'ny làlana, dia enga anie Ianao hiteny hoe, "Tsara izany, ry mpanompoko tsara, mahatoky. Nahatoky ianao tamin'io maraina io, tao amin'ny Fahavalo sy Làlana Penn, ankehitriny dia midira amin'ny fifalian'ny Tompo, izay efa nomanina ho anao hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao."

181 Tompo, Andriamanitro sy Raiko, apetrako Aminao izy ireo. Tsy afaka manao ankoatr'izay aho. Mpitorinao fotsiny aho, ary tsy afaka manao ankoatr'izay aho. Anao izy ireo. Mifanaraha amin'izy ireo, Ray, arak'izay ilainy, avy ao am-pony. Avelanay izy ireo. . . na apetrakay Aminao izy ireo, amin'ny Anaran'ny Zanakao, Jesosy Kristy. Amena.

182 Raha mba voamarikareo, ato amin'ny tabernakla, dia tsy namela ny olona hitarika olona eo amin'ny alitara aho. Tsy mino an'izany aho. Raha tsy Andriamanitra no mitondra anareo, dia tsy hisy soa ho an'ny olon-kafa iray hanao an'izany. "Tsy misy olona afaka manatona raha tsy ny Raiko no mitarika azy. Ary ny rehetra izay ny Ray. . . " Ary ny Ray no mitarika anareo satria ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anaranareo. "Ary izay rehetra Nomeny Ahy no hanatona Ahy." Na eo amin'ny sezanareo ianareo, eto amin'ny alitara, na aiza ianareo na aiza, dia ho avy ianareo. Tena marina izany. Jesosy no niteny an'izany.

183 Koa ankehitriny, ianareo olona malala izay nanangana ny tànanareo, ny dingana manaraka ho raisinareo, raha tsy mbola vita batisa ianareo, dia ny hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho famelana ny fahotanareo. Izany no taratasim-panafodin'ilay dokotera, Dokotera Simona Petera, izay nahazo ny fanalahidin'ny Fanjakana, sy hiteny aminareo hoe ahoana hidirana.

184 Tamin'ny Andron'ny Pentekosta, dia hoy izy ireo hoe, "Inona no tsy maintsy hataonay mba ho voavonjy?"

185 Hoy izy hoe, "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo." Izany ilay vao avy nataonareo. "Avy eo dia aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho famelana ny fahotanareo," mba haneho amin'ny olona, sy izao tontolo izao, fa mino ianareo (fahafatesana, fandevenana, fitsanganan'i Jesosy Kristy) Izy no naka ny fahotanareo. "Avy eo dia handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina ianareo. Fa ny teny fikasana dia ho anareo, sy ho an'ny zanakareo, ho an'ireo izay lavitra, arak'izay hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika." Araho izany toro-hevitra izany.

186 Raha tsy ato amin'ity tabernakla ity izany, fa any amin'ny tabernakla izay andehananareo, ny fiangonana izay andehananareo, na aiza na aiza izany, dia aza mihataka. Mandehana haingana mihitsy ao amin'ny vatan'ireo mpino ara-panahy. Mandehana mankany amin'ny Assemblées de Dieu, ny fiangonan'Andriamanitra, ny Pentekotista an'ny Tokana, ny Pentekotista an'ny Roa, an'ny Telo, na inona na

inona mety maha-izy azy. Tsy ahoako izay andehananareo, fa mandehana haingana any amin'ny fiangonana iray. Apetraho ao ny fiombonanareo. Raha mampianatra zavatra kely izy ireo, angamba, izay tsy ampianarinareo; dia aza miteny ianareo hoe, "Eny, tsy tahaka an'izany no nampianarin-dRahalahy Branham." Eny, tsy misy fahasamihafana izany, na izany aza. Raha manana ny Fanahy Masina ianareo, dia mandrosoa. Miaraha amin'izy ireny. Manohiza. Isika dia—isika dia ho tonga eo amin'ny anankiray, na izany aza.

187 Rehefa narafitra ny tempolin'i Solomona, nanerana an'izao tontolo izao, dia voarafitra avy tamin'ny an'izao tontolo izao izy, vato hafa isan-karazany, sy ny zavatra hafa sisa. Saingy rehefa nanomboka niaraka izy ireo, dia tsy nisy fimonomonon'ny tsofa iray na feon'ny maritoa iray. Efapolo taona tao amin'ny fananganana an'ilay tempoly, tsy nandre kapoky ny maritoa iray izy ireo, na fimonomononan-tsofa. Voarafitra tsara mihitsy izy rehetra.

188 Ireo fiangonana lehibe rehetra ireo, izay manana ny Fanahy Masina, dia hiaraka hikambana mihitsy ao amin'ireo toerany sahaza azy, amin'izany Andro izany, ao amin'ilay Vatan'i Kristy, ho an'ny Fampakarana. Noho izany dia mandehana fotsiny any amin'ireo izay mino ny Filazantsara.

189 Ankehitriny, ry sakaizako sarobidy, tsy fantatro hoe naka ny fotoanareo betsaka aho. Tsy fantatro hoe tamin'ny firy aho no tonga. Tamin'ny sivy sy sasany ve na tamin'ny folo, na zavatra anankiray? Tamin'ny folo. Izaho tsy afaka . . . Izany ve, tena ela tahaka an'izany ve? Toa tsy dia mino an'izany loatra aho.

190 Manana fotoana hivavahana ho an'ny marary fotsiny sisa isika. Nampanantena an'izany isika. Ankehitriny, iray minitra fotsiny. Raha hanome anay dimy ambin'ny folo minitra fotsiny ianareo. Izao fotsiny . . . Mino aho fa latsaka dimy ambin'ny folo minitra izao, noho izany dia haka dimy ambin'ny folo minitra fotsiny isika araka ny famantaranandroko. Henoy. Tsy misy na inona na inona . . .

191 Ny adidinareo voalohany, rehefa marary ianareo, mazava ho azy, dia mandeha any amin'ny dokoteranareo ianareo. Manao izay rehetra azony atao izy. Raha tsy afaka manao intsony izy, dia manana zo ianareo mandeha mankany amin'ilay Manampahaizana manokana amin'izay fotoana izay. Ankehitriny, tsy manohitra an'ireo dokotera isika.

192 Manana sakaiza dokotera sarobidy maro aho izay namako, lehilahy mahafinaritra izay mino an'Andriamanitra. Ary mivavaka ho azy ireny aho, ary izy ireo aza dia mivavaka ho ahy. Marina izany. Manana marary izy ireny izay tsy azony atao na inona na inona intsony. Dokotera mahafinaritra maro, mazava ho azy, tsy ho tononiko ny anaran'izy ireo. Angamba tsy nofenoina ny Fanahy Masina sy ny sisa izy ireo, saingy olona

tsara izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Rahalahy Branham, tsy misy na inona na inona azoko atao amin'ity tranga ity; raha mba ho raisinao izy."

193 Hoy aho hoe, "Alefaso izy. Avelao aho . . . Tsy vitako izany. Havelako ho an'i Jesosy izany, apetrako amin'i Jesosy Kristy izany, avelao Izy no hanao an'izany." Hitanareo? Fa izany no tsara.

194 Fa, jereo. Raha mba misy fanasitranana iray miseho, dia Kristy no hany Tokana izay manao an'izany. Afaka manaisotra ny fahakendana iray ny dokotera, manala nify, na—na mandidy toerana iray, manala kambon-tsinay, manala, mandidy homamiadana iray, mandidy votsy iray, na manao fandidiana; na ho an'ny zavatra hafa, mampiditra poizina ao aminareo, mba hamono an'ilay tsimoka. Saingy tsy misy na inona na inona afaka manasitrana ankoatran'Andriamanitra, satria tsy maintsy famoronana anankiray izany, hanosika an'ilay izy. Ary tsy misy fanafody hahaforona. Hitanareo? Mpamorona iray ihany no misy, dia Andriamanitra izany. Noho izany, Salamo 103, hitanareo. Ny Soratra rehetra dia marina. "Izaho no Tompo Izay manasitrana ny aretinao rehetra." Izany akory tsy milaza fa tsy manana anjara iray amin'izany ny dokotera. Eny, manana izy. Raha tapahako ny sandriko, ny adidiko dia ny mandeha mankany amin'ny dokotera iray izay mahafantatra hoe ahoana no hamerenana an'io sandry io, fa tsy afaka manasitrana an'io sandry io izy. Afaka mamerina azy fotsiny izy, mamerina an'ireo taolana amin'ny toerana iray. Ary avy eo dia Andriamanitra no manolotra ny sokay sy ny sisa, ary mamorona ny fitaovana, ao anatin'ny sandriko ao, izay miaraka maniry indray. Andriamanitra no mpanasitrana. Hitanareo?

195 Ankehitriny, nitory teny isika tamin'ity herinandro ity. Ny fomban'ny Jiosy ho an'ny olona, tamin'ny andron'ny Jiosy, dia ny mandeha, mametra-tànana amin'ilay marary. Izany no nataon'izy ireo. Ny zavatra rehetra dia fametrahan-tànana. Izany no baiko Jiosy. Fa tsy tahaka an'izany mihitsy kosa ny an'ny Jentilisa, tsia mihitsy. Rehefa ny zanakavavin'i Jairo, mpisorona Jiosy iray, rehefa maty izy, dia hoy izy tamin'i Jesosy hoe, "Avia, apetraho eo amin'ny zanako ny Tànanao dia ho velona izy. Apetraho eo aminy ny tànanao."

196 Fa rehefa tonga teo amin'ilay kapiteny Romana kosa Izy, dia hoy izy hoe, "Tsy mendrika aho ny Hidiranao eo ambanin'ny tranoko. Mijanona eo amin'izay misy Anao, ka teneno fotsiny ny Teny." Fantany ilay fahefana izay nananan'i Jesosy. Hoy izy hoe, "Izaho dia lehilahy eo ambany fahefana, izaho dia manana ny . . ." Kapiteny iray izy. Izany dia midika—izany dia midika fa lehilahy zato no eo ambaniny. Hoy izy hoe, "Raha miteny amin'ity lehilahy ity aho hoe, 'Ataovy *ity,*' dia ataony izany. Ary amin'itsy lehilahy itsy hoe, 'Ataovy *izao,*' dia ataony izany." Hoy izy hoe, "Fa Ianao dia manana fahefana eo

amin'ny aretina rehetra, sy ny fahoriana rehetra, sy ny sisa. Eo ambanin'ny Baikonao izy rehetra. Ianao no Mpibaiko lehibe." Oh, tiako izany.

197 Nahakasika ny fon'i Jesosy mihitsy aza izany. Ary nitodika Izy tamin'izay fotoana izay, tamin'ireo olona Jiosy, dia hoy Izy hoe, "Tsy mbola nahita finoana tahaka an'izany Aho teto Isiraely."

198 Ilay vehivavy Syro-foinisiana, Jentilisa Grika anankiray, dia nanatona Azy ka nanao hoe, "Tompo, manana zanaka iray aho mandry eto, fa ny devoly dia mampijaly azy amin'ny fomba samihafa." Mety ho voan'ny androbe anankiray izy na karazana fahaverezan-tsaina anankiray. Hoy izy, "Ao amin'ny toe-batana mahatsiravina izy. Hanasitrana azy ve Ianao?"

199 Ary nizaha toetra ny finoany Izy. "Nahoana," hoy Izy, "tsy mety ny maka ny mofon-jaza ka manome azy ho an'ny amboa." Niantso azy hoe alika iray. Ary tamin'izany andro izany, ny amboa iray dia anankiray amin'ny . . . saiky tahaka ny kisoa iray, ilay zavatra ambany indrindra izay nisy. Hoy Izy, "Tsy mety Amiko ny maka ny mofon-jaza, ka manome azy ho anareo alika."

200 Hoy izy hoe, "Marina izany, Tompo." Oh, tiako izany. "Marina izany." Hoy izy, "Saingy, Fantatrao, fa ireo alika, eo ambanin'ny latabatra, dia mihinana ny sisan-jaza." Nahakasika Azy izany.

Izy dia niteny, tahaka ny nataonao indray andro, Hattie, ilay zavatra marina.

201 Nitodika Izy ary hoy Izy hoe, "Noho izany teny izany, dia efa niala tamin'ny zanakavavinao ilay devoly." Tsy voatery nandeha teo aminy ka nametra-tànana taminy.

Tamin'ny Andron'ny Pentekosta, rehefa nilatsaka ny Fanahy Masina . . .

202 Nandeha nankany Samaria i Filipo. Jiosy tapany izy ireo, noho izany, rehefa nandeha izy, dia tsy maintsy nametra-tànana tamin'izy ireo izy, mba handraisana ny Fanahy Masina. Tsy tonga teo amin'ny anankiray tamin'izy ireo ny Fanahy Masina, tsy mbola, koa dia niakatra izy ireo ary naka an'i Petera. Efa vita batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy izy ireo, noho izany dia niakatra izy ireo ary naka an'i Petera sy Jaona, tao Jerosalema, tao amin'ilay foibe. Ary nandeha izy ireo ka nametra-tànana taminy, ary nandray ny Fanahy Masina izy ireo. Avy eo i Petera dia niakatra tao an-tranon'i Kornelio . . . Hitanareo, tsy maintsy nametra-tànana tamin'izy ireo izy. Jereo, Asa 19, rehefa ilay andiana Jiosy tao Efesosy, tsy maintsy nametra-tànana tamin'izy ireo izy, mba handraisan'izy ireo ny Fanahy Masina.

203 Saingy, raha mbola tao an-tranon'i Kornelio izy, "Raha mbola niteny an'izany Teny izany izy, dia nilatsaka tamin'izy ireo ny Fanahy Masina." Tsy nisy fametrahan-tànana. Nilatsaka ny

Fanahy Masina rehefa nandre ny Fahamarinana izy ireo. Noana sy niandry an'Izany izy ireo.

204 Noana an'izany fanasitranana izany ve ianareo, izao maraina izao? Noho izany dia avelao hiteny ny Fanahy Masina, raha Jesosy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nilaza ve Izy hoe, "Ireo asa izay Ataoko no hataonareo koa"? ["Amena."] Ahoana no Nanambarany ny Tenany tamin'ny olona, mba ho Mesiany, ilay Mesian'ny Jiosy? Ahoana no Nanaovany an'ilay izy tamin'ireo Jiosy? Tamin'ny alàlan'ny filazana ny zavamiafin'ny fon'izy ireo. Nahalala Azy izy ireo, ilay Mesia. Firy no mahafantatra fa marina izany? ["Amena."] Azo antoka.

205 Rehefa tonga i Petera, dia hoy Izy hoe, "Ny anaranao dia Petera." Ary nilaza . . . Na, "Ny anaranao dia Kefasy." Hoy Izy, "Ianao dia hantsoina hoe Petera. Ny anaran'ny rainao dia Jonasy." Nilamina hatreo izany. Fantany fa io no Mesia.

206 Rehefa nandeha i Filipo ka nahita an'i Natanaela, dia hoy Izy hoe, "Ianao dia . . . Ianao dia lehilahy tsara, mahitsy fo."

Hoy izy hoe, "Ankehitriny, Raby, oviana no Nahafantaranao ahy?"

207 Hoy Izy, "Talohan'ny niantsoan'i Filipo anao, rehefa teo ambanin'ny hazo ianao, dia efa nahita anao Aho." Tany amin'ny dimy ambin'ny folo maily nanodidina ny tendrombohitra tany, dia indray andro, "Efa nahita anao Aho."

Hoy izy hoe, "Ianao no Zanak'Andriamanitra, ilay Mpanjakan'ny Isiraely."

208 Nandeha tany amin'ireo Samaritana Izy. Nila nandalo tao Izy. Nahoana? Nandeha tany amin'ireo Samaritana Izy. Ary nisy vehivavy Samaritana anankiray teo, ary noho izany dia nihevitra Izy fa hanome azy ny famantaran'ny Mesia fotsiny Izy. Dia hoy Izy hoe, "Mandehana alaivo ny vadinao dia tongava eto."

Hoy izy hoe, "Tsy manam-bady aho."

Hoy Izy hoe, "Tsara ny nolazainao, satria efa nanana dimy ianao."

209 Hoy izy hoe, "Tompoko," amin'ny teny hafa dia tahaka an'izao, "niandry Mesia iray ho avy izahay, ary Izy dia tsy maintsy ho Mpaminanin'Andriamanitra anankiray. Ary fantatray, fa rehefa tonga Izy, dia Izy no hiteny aminay an'ireo zavatra ireo. Noho izany, mety ho karazana mpaminany iray Ianao."

Hoy Izy hoe, "Izaho no Mesia. Izaho no Izy izay resahanao."

210 Nilaozany ilay sinin-dranony, mpijangajanga iray sy kivy, toerana toy ny ahoana no nisy azy, dia nihazakazaka nankao an-tanàna, ary nilaza tamin'ireo olona ireo hoe, "Avia, hijery

Lehilahy iray Izay niteny tamiko an'izay tato am-poko. Tsy izao ve no Mesia? Tsy izao ve no Mesia?"

211 Tsy nisy na dia fotoana anankiray aza mba nanaovana an'izany teo amin'ny Jentilisa. Tsia, tompoko. Izao no andron'izy ireo, rehefa ireo Hazavan'ny hariva.

212 Ao anatin'ny firenena iray ireo Jiosy ankehitriny, mba hifehy an'izao tontolo izao. Efa nataony izany indray andro. Miverina izy ireo. Diniho ilay aviavy izay mamoaka an'ireo tsimokany, any. Diniho ny Jiosy, na aiza izy na aiza, alimanakan'Andriamanitra, dia ho hitanareo. Tsy handao an'i Isiraely mihitsy Izy. Fa Isiraely no tsy maintsy nohajambaina. Tsy milaza an'izany aho noho ny amin'ity Jiosy mipetraka eto ity. Fa tsy maintsy nohajambaina Isiraely, mba hanomezana anjara iray ho antsika. Tiako izy ireo. Aza manahy ianareo, hamony indray izy ireo. "Izay sisan'ny kijeja, nohanin'ny koraika. Izay sisan'ny koraika, dia nohanin'ny valalavao. Fa Izaho no hamerina, hoy ny Tompo." Nohanina fotsiny io, nandritry ny fotoana fohy, mba hahafahantsika miditra. Misokatra ny masontsika.

213 Ankehitriny inona ilay izy? Tapitra ny androntsika. Manomboka mitambatra indray ireo Jiosy, miaraka, tahakan'ny nolazain'Andriamanitra. Ary ireo Hazavan'ny hariva dia mamirapiratra. Eo amin'ny inona? Aiza no mamirapiratra ireo Hazavan'ny hariva? Any Andrefana. Namiratra tany Atsinanana izy ireo, tany amin'ny Jiosy, ireo olona tatsinanana, tany amin'ny voalohany. Andro maizina anankiray ho an'ireo anarampiangonana sy ny sisa izany, fa ilay Hazavan'ny hariva kosa dia hamiratra eo amin'ny Jentilisa, ilay ilan-tany andrefana. Eo izao isika ankehitriny, eo amin'ny farany. Isika dia—isika dia aty amin'ny Morontsiraka Andrefana. Raha handeha lavidavitra ianareo, dia miverina any Atsinanana indray ianareo. Ny fandrosoana dia nandeha tamin'izany fomba izany. Noho izany, mamirapiratra ireo Hazavan'ny hariva, "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay."

Ndao isika hivavaka.

214 Ankehitriny, Tompo, Anao izy rehetra ireo. "Ny finoan'ny Teny dia avy amin'ny fandrenesana, ny fandrenesana ny Tenin'Andriamanitra." Ary, Andriamanitra, Ianao no manao ny Teninao ho voaseho, mba hanaporofo amin'ny olona fa Andriamanitra Ianao. Ankehitriny dia aoka ho fantatra, izao maraina izao, fa Andriamanitra Ianao, ary izaho dia Mpanomponao, milaza amin'izy ireo ny fahamarinan'ny Fiainana Mandrakizay. Amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tomponay, no ivavahanay. Amena.

215 Mino aho, fa i Billy no niteny tamiko teo, fa misy a—andiankaratra fangataham-bavaka lehibe iray, betsaka ny olona eto. Tsy afaka mampiakatra azy rehetra isika, fantatrareo izany, fa

ilay izy dia mba—fa ilay izy dia mba hanaporofoana an'izany, na mba hahafahanareo mahita fotsiny. Ankehitriny, tsy voatery hanao an'izany Andriamanitra. Ary mahafantatra an'izany ve ny rehetra?

216 Tsy voatery nanasitrana ny olona rehetra Jesosy rehefa tety an-tany Izy. Efa fantatrareo ve izany? Saingy Nataony izany, mba hahatanteraka an'izay nolazain'ny mpaminany. Marina ve izany?

217 Manao an'izao Izy, mba hahatanteraka ny Teny hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma, dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona."

218 Voamarikareo, fa izy ireo dia nanana an'i Billy Graham sy Oral Roberts, ny sisa, tamin'ny andron'i Sodoma. Lehilahy tahaka azy ireo no nandeha sy nitory teny tamin'ireo Sodomita tao an-tanàna.

219 Fa ilay Abrahama voafidy kosa sy ny vondrony dia ilay vondron'ny nantsoina hivoaka, taty amin'ny ilany iray. Karazana Anjely inona no nijanona tao aoriana ka nitory teny tamin'izy ireo? Diniho. Nipetraka teo ilay Lehilahy, nilaza fa Izy dia Vahiny avy any amin'ny firenen-kafa iray. Vovoka no teo amin'ny Akanjony. Vao avy nihinana ampahana zanak'omby iray, nisotro ny ronono avy tamin'ny reniny, nihinana mofo katsaka iray, niaraka tamin'i Abrahama. Tamin'izany, angamba nanana fikopahan-dalitra izy, nandroaka an'ireo lalitra, raha teo am-panaovana an'izany Izy, nipetraka teo, nihinana. Ary rehefa lasa Izy . . . Abrahama dia niantso Azy hoe, "Elohima, ilay Tsitoha." Saingy Olona iray Izy; Andriamanitra ao amin'ny Olony. Ankehitriny jereo izay Nataony, ahoana no Nahafantarany. Nipetraka teo Izy ary niresaka tamin'i Abrahama. Nilaza Izy . . . Ankehitriny, fotoana voalohany Nihaonany tamin'i Abrahama izany, fotoana voalohany nahitan'i Abrahama Azy, ary tonga saina tsara.

220 Fa ireo lehilahy hafa ireo dia nandeha nanohy nankany Sodoma. Ary nandeha tany izy ireo ary nitory teny, ka nanajamba ny olona. Tsy izany ve no ataon'ny fitoriana ny Filazantsara, manajamba ny tsy mpino? Mariho.

221 Fa ity Anankiray ity kosa dia nijanona teo aoriana teo niaraka tamin'ilay Fiangonana voafidy, Abrahama sy ny vondrony, ireo voafora, ireo tena izy. Nilaza izy . . .

222 Lota dia ilay—ilay anankiray izay nipetraka tao an-tanàna, ary nanana fotoana lehibe. Ary jereo hoe ahoana ireo zananivavy, ary ahoana ireo zananilahy, sy ny sisa. Izany dia tahaka an'izao tontolo izao amin'izao andro izao, Sodoma, fahotana sy ny sisa. Izany ilay fiangonana, anarana fotsiny.

223 Fa ilay Fiangonana, ara-panahy, dia ilay vondrona nantsoina hivoaka, nosarahina. Karazana Anjely inona no tonga teo amin'izy ireo? Ankehitriny ndao dinihantsika izany.

Ankehitriny, tsarovy, ny Tomponareo dia nanao hoe, "Tahaka ny tamin'izany, dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona." Jesosy no nilaza an'izany. "Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny Teniko tsy ho diso mihitsy." Ankehitriny henoy tsara, ary mipetraha tsara.

224 Ankehitriny, ity Anjely ity dia niresaka tamin'i Abrahama. Hoy Izy hoe, "Ry Abrahama, aiza ny vadinao, Saraha?" Ahoana no Nahafantarany fa manambady izy? Ahoana no Nahafantarany fa nanana vady anankiray izy? Ary ahoana no Nahafantarany fa ny anarany dia Saraha? Hafahafa, sa tsy izany?

Ary hoy Abrahama hoe, "Ao anaty trano-lay ao izy, Aorianao." Ah-hah.

225 Hoy Izy hoe, "Ry Abrahama, hitako fa—fa mino an'Andriamanitra ianao, ary ianao no handova an'izao tontolo izao, ny Jentilisa rehetra sy izy rehetra dia ho entina miditra ao amin'ny Fanjakana amin'ny alàlan'ny Taranakao. Amin'ny alàlan'ny . . . Ny teny fikasana dia natao ho anao. Izaho tsy hihazona teny fika- . . . tsy hanafina na inona na inona aminao, ry Abrahama." Oh, tiako izany. "Tsy hanafina an'izany aminao Aho, ry Abrahama. Fa ianao no nino Ahy, ny amin'io zaza io, nandritry ny dimy amby roapolo taona. Ankehitriny dia zato taona ianao ary izy dia sivifolo. Saingy, ry Abrahama, araka ny andron'aina . . . " Ao amin'ny mpanatrika mifangaro anankiray, dia fantatrareo izay tiako ho lazaina, ilay valo amby roapolo andro. Efa nitsahatra izy, dimampolo taona, na mihoatra, hia, enimpolo taona talohan'izany. Hoy Izy, "Araka ny andron'ain'i Saraha dia hamangy anao indray Aho, ary hitondra an'io zaza io ianao."

226 Ary i Saraha, Taoriany, tao anatin'ny trano-lay, ireo kopaka nihidy, dia nihomehy tao anatin'ny tenany. Izao fotsiny . . . [Manao fihomehezana mangina Rahalahy Branham—Mpand.] Ary niteny tao amin'ny tenany hoe, "Mety mbola hanana hafaliana amin'ny tompoko ve aho?" Inona no iantsoanareo ny vadinareo? "Hanana hafaliana amin'ny tompoko indray ve aho, mahita fa izaho dia antitra, ary izy dia antitra, ihany koa?"

227 Ary ilay Anjely, niaraka tamin'ny Lamosiny nitodika, dia nanao hoe, "Nahoana no nihomehy i Saraha? Inona no nampihomehy azy?" Tsy mahita ve ianareo? Karazana Fanahy inona, karazana Anjely inona, izany, izay namangy an'ilay Fiangonana teo?

228 Ankehitriny, Jesosy no nilaza fa izany zavatra izany ihany no hiseho mialoha indrindra ny Fihaviany. Izany no ho famantarana ny Fihaviany.

229 Ndao isika hiantso laharam-bavaka anankiray. Izy no nanao ny teny fikasana. Mihazona an'izany Izy. Ankehitriny, teo, ary misy any ho any, tsy maintsy hiantso olona dimy aho na

enina, arak'izay betsaka afaka mitsangana eto. Ny sisa aminareo rehetra dia minoa fotsiny. Diniho. Raha tsy manana karatra fangataham-bavaka ianareo mba hiakarana eto, dia tsy midika zavatra anankiray izany. Mihaika anareo aho. Izao ilay . . .

230 Izao no nataon'ilay Taranak'i Abrahama, Jesosy, rehefa tety an-tany Izy.

231 Indray andro, dia nandalo teo amin'ny olona marobe Izy. Ary izy rehetra dia niteny hoe, "Akory, Raby. Manao ahoana, Dokotera. Manao ahoana Ianao, Revera? Faly mahita Anao, Revera. Faly manana Anao eto. Hanao fivoriana anankiray ve raha mbola eto izahay?"

232 Fa vehivavy mahantra kely anankiray no nanana zavatra ilaina, koa dia nisisika moramora teo amin'ilay olona marobe izy ary nikasika ny Lambany. Satria hoy izy tao amin'ny tenany tao hoe, "Raha hahakasika fotsiny an'io Lehilahy masina io mantsy aho." Hitanareo? Ny finoany. Hitanareo? "Raha mahakasika Azy aho, dia ho tsara aho." Noho izany dia nikasika Azy izy, ary niverina tao amin'ilay olona marobe izy. Hoy izy hoe, "Oh, azoko antoka fa sitrana aho, satria mino an'izany aho. Nino an'izany aho. Fantatro fa sitrana aho. Izaho—izaho dia mino mihitsy fa mijanona ilay rà izao ankehitriny izao. Mino an'izany mihitsy aho."

233 Nijanona Jesosy, nanao hoe, "Hono ho'aho, iza no nikasika Ahy?" Fanontaniana toy ny inona!

234 Hoy Petera hoe, amin'ny teny hafa, "Tompo, inona ny olana Aminao?" Ny Baiboly dia nilaza fa nanome tsiny Azy izy. Hoy izy, "Inona no tianao lazaina amin'izany? Nahoana, ny olona rehetra dia mikasika Anao! Nahoana Ianao no tonga miteny . . . Ianao, amin'ny maha-Mesia, tsy matahotra ve Ianao fa hampiseho ny Tenanao eto anatrehan'ireto olona ireto Ianao, 'Iza no nikasika Ahy?' Ary mifanamby aho fa efa nisy dimanjato izay no nikasika Anao tamin'ny minitra lasa teo. Nahoana Ianao no milaza, zavatra tahaka an'izany?"

235 Hoy Izy hoe, "Fa izany dia fikasihana hafa anankiray. Hitako fa miha-malemy Aho." Hery, ny olona rehetra dia mahafantatra fa ny hery dia tanjaka. "Miha-malemy Aho. Niala Tamiko ny tanjaka."

236 Ary nitodika manodidina Izy, nijery manodidina. Hitanareo, misy finoana ao, any ho any. Nijery manodidina Izy, ary Hitany ilay vehivavy kely. Ilay Fanahy Masina izay tao Aminy, tamin'ny fahafenoana, no nitarika Azy avy hatrany teo amin'ilay vehivavy kely. Ilay fitsiha-drà izay nananany, dia hoy Izy hoe, "Ny finoanao! Ankehitriny, tsy Izaho mihitsy no nanasitrana anao. Tsy nisy Nidirako tamin'izany mihitsy, fa ny finoanao." (an'Iza?) "an'Andriamanitra, Izay Soloiko tena, ny finoanao no nanao anao ho salama tsara."

237 Ankehitriny, ny Baiboly no nilaza fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Izany hoe, tsy miova ao amin'ny fitsipika, tsy miova ao amin'ny hery, tsy miova ao amin'ny fihetsika. Ilay Andriamanitra tsy miova izay niaina tao amin'i Kristy, no miaina ao amin'ilay Fiangonana, tsy mitovy fatra Aminy. Izy dia nanana tsy nisy fatra, fa isika manana Azy miaraka amin'ny fatra. Saingy raha nanana rano eran'ny sotro ianareo, avy ao amin'ilay ranomasina, dia ireo singa mitovy izay tao amin'ilay ranomasina ihany, no ao anatin'ilay eran'ny sotro. Tsarovy izany. Marina izany. Ilay Andriamanitra iray ihany izany.

238 Ankehitriny, ny Baiboly dia nilaza, ao amin'ny Hebreo, nilaza izy fa, "Jesosy Kristy amin'izao ankehitriny izao no Mpisoronabe izay mety ho kasihan'ny fihetseham-pon'ny fahalementsika." Firy no mahafantatra an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny, raha Izy no ilay Mpisoronabe tsy miova, dia tsy hanao an'ilay fomba mitovy ve Izy raha voakasika Izy? ["Amena."]

239 Inona moa isika? Mpitondra-teniny. Manolotra ny tenantsika ho Azy isika, ary ireo tenintsika dia tsy tenintsika. "Aza manahy an'izay ho lazainareo, satria tsy ianareo ilay miteny. Ilay Ray izay mitoetra ao anatinareo izany. Izy no miteny."

240 Any ho any, taiza ilay izy, Billy, iray ka hatramin'ny dimampolo, sa iray ka hatramin'ny zato? [Hoy Billy Paul Branham hoe, "Zato."—Mpand.] Iray ka hatramin'ny zato.

241 Mazàna, ny olona dia mihazakazaka ho an'ilay karatra voalohany, noho izany dia havelantsika eo izany mandritry ny iray minitra. Ndao isika hanomboka amin'ny laharana hafahafa anankiray, ndao ataontsika hoe, telopolo. Iza no manana karatra telopolo? Atsangano ny tànanao.

242 Inona—inona ilay litera? [Hoy Rahalahy Billy Paul hoe, "B."—Mpand.] B, B telopolo. Eny àry.

243 Jereo ao anaty paosinareo, avohay ny karatra fangataham-bavakareo. Ary raha misy . . . [Hoy ny rahalahy iray hoe, "Io mihitsy."—Mpand.] Eny, henoy, raha tsy misy ny telopolo, nahoana, dia hanomboka amin'ny hafa any ho any isika izany. Isika dia—isika dia hanomboka amin'ny . . . [Hoy Rahalahy Billy Paul hoe, "Io mihitsy, any aoriana."] Ahoana hoe? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Io izy io." Hoy Rahalahy Billy Paul hoe, "Any aoriana, amin'ny ankavia."] Oh, miala tsiny aho. Miala tsiny aho. Eny àry. Avia eto, tompoko.

244 Iraika amby telopolo. Iza no manana ny karatra fangataham-bavaka iraika amby telopolo, hanangana ny tànanao ve ianao? Iraika amby telopolo. Avia avy hatrany eto, tompoko. Roa amby telopolo. Iza no manana ny karatra fangataham-bavaka roa amby telopolo? Ianao ve, ramatoa tanora? Telo amby telopolo. Iza no manana ny karatra fangataham-bavaka telo amby telopolo? Hanangana ny tànanao ve ianao? Ity ramatoa ity, eto. Eny àry,

ranabavy. Telo amby telopolo. Efatra amby telopolo. Eo amin'ny karatra fangataham-bavaka efatra amby telopolo? Ianao ve, tompoko? Dimy amby telopolo. Enina amby telopolo. Enina amby telopolo. Iza no manana ny karatra fangataham-bavaka enina amby telopolo? Tsy hitako ve ilay izy?

Ianao ve no manana ny enina amby telopolo, ramatoa tanora? Fito amby telopolo. Misavoritaka ity ramatoa eto ity. Jereo . . . Firy ilay laharan'ny karatra fangataham-bavakao? Jereo hoe aiza izy. [Hoy ilay anabavy hoe, "Dimy amby telopolo."—Mpand.] Dimy amby telopolo. Miala tsiny aho, ramatoa. Eny àry, hazony ny toeranareo. Ireo tovolahy eo ireo no hametraka anareo amin'izay tokony hisy anareo.

Fito amby telopolo, valo amby telopolo, sivy amby telopolo, efapolo. Ndao jerentsika izy ireo mitsangana. Misy telo ankehitriny. Valo amby telopolo, sivy amby telopolo, efapolo. Sivy amby telopolo, efapolo. Isa, roa, telo, efatra, dimy, enina, fito, valo, sivy, ataoko fa izay no izy. Efapolo, iraika amby efapolo, roa amby efapolo, telo amby efapolo, efatra amby efapolo, dimy amby efapolo. Aoka handroso ireo karatra fangataham-bavaka ireo: karatra fangataham-bavaka, hatreo amin'ny dimy amby efapolo, manomboka amin'ny telopolo ka hatramin'ny dimy amby efapolo.

Ankehitriny, raha tsy afaka mitsangana ianao . . . Manana karatra fangataham-bavaka anankiray ve ianao, tompoko? Manana ianao, eny àry, mankanesa eto. Tsy mahita afa-tsy lehilahy mandringa anankiray aho. Mipetraka eto izy ao anatin'ny seza iray misy kodiarana. Ankehitriny, raha misy olona tsy manana an'ireny karatra fangataham-bavaka ireny, ankehitriny, izahay tsy mahafantatra . . . Ataoko fa manana mifanizina anankiray aho etsy, noho izany izaho . . . Eka. Eny àry. Izaho dia—izaho dia—izaho dia hijanona, ao anatin'ny iray minitra fotsiny. Eny àry. Tsy manana efitra izahay eto, hitanareo, hahavitana an'ilay izy milamina.

245 Ankehitriny, firy ato no tsy manana karatra fangataham-bavaka, ary nefa, marary ianareo, ka ianareo mila an'Andriamanitra hanasitrana anareo? Atsangano ny tànanareo. Eny, manerana mihitsy, heveriko, tena saiky manerana.

Eny àry, ankehitriny, hanontany anareo aho, raha sitrakareo, ho an'ireo minitra vitsy manaraka ireo . . . Fa, naka nihoatra ny fotoanako aho ankehitriny.

Saingy, izao no fampisehoan-kery na marina ity Teny ity na tsia! Izao no manaporofo an'izany!

Ankehitriny, avelao aho hahazo ny fifantohanareo tsy voazarazara.

Ny olona rehetra eto dia mahafantatra, fa, raha vitako, dia hositraniko ny tsirairay avy aminareo. Saingy ny Baiboly no nilaza, fa, "Izaho no Tompo Andriamanitrao Izay manasitrana

ny aretinao rehetra." Mifototra eo ambonin'ny Finoana iray izany. Ireo zavatra rehetra izay notoriako tamin'ity herinandro ity, hatramin'ity fotoana ity, ary nandritry ny fiainako, dia nifototra teo ambonin'ireo asa efa vita an'i Kristy teo Kalvary. Raha mino an'izany ianareo, dia izay ihany no angatahan'Andriamanitra: "Raha hino an'izany ianareo, dia ho azonareo izay angatahanareo."

Ankehitriny, hatramin'ireo famantarana sy fahagagana izay hiseho, dia Izy no nampanantena an'izany. Voalohany, Izy no nametraka tao amin'ny fiangonana (Inona?) apostoly, mpaminany, mpampianatra, evanjelista, pasitera. Izany no lamin'Andriamanitra napetraka tao amin'ny fiangonana, mba hahatanteraka an'ireo masina.

Ankehitriny, tiako ny tsirairay avy aminareo hanome ahy ny fifantohanareo tsy voazarazara.

Ankehitriny, ohatry ny misy olona anankiray ao amin'io laharam-bavaka io izay heveriko fa fantatro. Ary izany dia ilay lehilahy manao palitao sy pataloha fotsy. Tsy haiko ny miantso ny anarany. Fa izaho—izaho dia mino fa avy any ho any izy, toy ny hoe, manodidina an'i Carolina, na zavatra anankiray. Izaho . . . Mpivarotra fiara izy na zavatra anankiray. Efa tafaresaka taminy aho. Tsy fantatro akory aza ny anarany. Fa izaho . . . Ary am-pahatsorana, izaho—izaho dia tsy mahafantatra hoe inona no olana eo aminy. Izaho . . . Andriamanitra no mahafantatra an'izany. Izaho tsy afaka miteny aminareo hoe inona no tsy mety aminy. Fa heveriko fa ny sisa amin'izy ireo dia vahiny amiko avokoa. Tsy mahafantatra an'izy ireo aho.

246 Firy eto no mahafantatra fa tsy mahafantatra na inona na inona mikasika anareo aho? Atsangano ny tànanareo. Eny, tompoko. Ankehitriny, hoy ny Baiboly hoe, "Rehefa tonga ny Fanahy Masina, dia Izy no . . . " Ny zavatra voalohany hataon'ny Fanahy Masina! Inona? "Hanambara aminareo an'ireo zavatra ireo, izay Nampianariko." Marina ve izany? Avy eo inona no Hataony? "Haneho aminareo an'ireo zavatra izay ho avy, ho Mpanambara ny zava-miafin'ny fo." Hanao an'ilay asa mitovy tamin'izay nataon'i Jesosy Izy.

247 Ankehitriny, firy no mino fa Jesosy no namarana an'ilay drafitry ny famonjena sy fanasitranana, teo Kalvary? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izany tokoa. Noho izany, hatramin'io, dia tapitra ny rehetra, sa tsy izany? ["Amena."] Tapitra ny rehetra.

248 Fa ny zavatra tokana izay Azony atao dia ny mandona anareo, na mitondra anareo eo amin'ny fahafantarana iray fa mbola Andriamanitra Izy ary mihazona ny Teny fikasany. Koa, eo am-panaovana an'izany, dia manosotra mpitory teny Izy. Izany dia ireto lehilahy mahafinaritra izay mitsangana manodidina eto ireto, ary maro ery aoriana ery. Manosotra

azy ireo Izy mba hitory teny. Izaho dia mpisolo mahantra iray ho an'ny mpitory teny. Izy no nanome ahy an'*ity,* ho toriteniko, hitanareo, ho eo amin'ny toerany. Satria, izaho dia tsy nianatra ary tsy mahafantatra na inona na inona, fantatrareo izay tiako ho lazaina, ny amin'ny hoe mahay iray na inona, na mpianatra iray. Fa Izy no nanome ho an'ireto lehilahy ireto ny fanararaotra hanao an'izany, ary miakatra eo izy ireo eo ambanin'ny tsindrimandry ka mitory teny. Oh, izy ireo dia afaka miteny kokoa ao anatin'ny dimy minitra noho izay azoko lazaina ao anatin'ny ora iray, satria, eo ambanin'ny tsindrimandry, tena tahaka ny tafondro anankiray mihitsy na basy maro vava mitondra an'Izany haingana mihitsy, tahaka ny maritoa ahodin'ny milina iray. Hitanareo?

249 Izaho, hitanareo ny fanomezam-pahasoavako dia zavatra hafa anankiray: tsy maintsy maka ny fotoanako aho ary mianatra an'izay . . . ary miandry sy mijery izay lazain'ny Fanahy Masina amiko manaraka. Ary hitanareo, tsy tena ao anatin'ny laharako mihitsy ilay izy. Saingy kanefa ataoko ilay izy, mba hanorina an'ilay fiangonana, mba hamela azy ireo hahafantatra fa ny hevitro dia ny amin'i Kristy.

Mazàna ao amin'ny fivoriana, dia maka mpitory teny tsara anankiray aho hitory teny ho ahy. Saingy ankehitriny, izao no fotoana; ity no ora, rehefa avy notoriana ny Teny: Avy eo dia ahoana ny momba an'izany? Raha notoriana fotsiny ilay izy, ka lasa mandeha ianareo, eny, dia tsy fantatrareo ilay izy. Fa raha tonga eo Izy, ka manaporofo fa izay Nolazainy dia ny Fahamarinana, amin'izay fotoana izay, rahalahy, dia eo ambonin'ny lohalikareo izany, avy eo. Marina izany, ianareo izany.

Ankehitriny, raha ho tonga ato amin'ny mpanatrika ilay Fanahy Masina izao maraina izao, ka nanao tanteraka tokoa ny fomba izay Nataony fony Izy tao amin'i Jesosy Kristy, dia firy ato no hino fa teto ambonintsika Andriamanitra indray mandeha; avy eo niaraka tamintsika, tao amin'i Kristy; ankehitriny ao amintsika, ao amin'ilay Fiangonana? Azo antoka.

Ankehitriny, raha afaka mijery ianareo ankehitriny (Tsy mila manana tànana mipetraka eo aminareo ianareo, raha tena mpino anankiray ianareo: "Raha mbola niteny an'ireo teny ireo i Petera, dia nilatsaka tamin'izy ireo ny Fanahy Masina." Hitanareo? "Tsy ilaiko, ny ho tonga hametra-tànana eo amin'ny mpanompoko: lazao fotsiny ny Teny, dia izay ihany no tokony Hataonao."), jereo raha taranak'i Abrahama ianareo ankehitriny. Avelao Andriamanitra hanao ny sisa.

Ray An-danitra, tahaka ny olona iray, tahaka ny mpanompo iray, izay ny asa vitako. Ianao no miteny avy eto, avy eo, Tompo. Ho tanteraka anie izany, mba hahafantaran'izy ireo fa Ianao no

Andriamanitra eo afovoan'ny olona. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

250 Ankehitriny, tahaka ny olona iray, dia indro ny lehilahy anankiray mitovy fotsiny, eny, hataoko hoe, izao, rehefa tonga teo anatrehan'i Jesosy i Natanaela. Araka ny fantatro, dia tsy mbola nihaona mihitsy isika; samy vahiny isika. Fa Andriamanitra no mahafantatra an'ilay lehilahy, izaho tsy mahafantatra azy. Ao amin'ny fitadidiako dia tsy mbola nahita azy mihitsy aho, raha tsy hoe mety efa nisy fotsiny izany tany an-dàlambe tany ho any, ary nihaona taminy teto, nandray ny tànany, na nanao hoe, "Manao ahoana ianao, tompoko?" na zavatra anankiray hafa, na maraina anankiray, dia izay ihany no fantatro. Fa Andriamanitra no mahafantatra an'ilay lehilahy. Ankehitriny, raha Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, amin'izay fotoana izay dia Izy no manana . . . raha marary ity lehilahy ity, amin'izay fotoana izay, hatramin'ny fanasitranana, dia efa Nataony izany. Efa vitan'i Jesosy izany. Fa fomba iray fotsiny hitondrana azy, hino, hahafantatra fa eto mihitsy Jesosy.

251 Ankehitriny inona no nolazain'i Jesosy? "Ny famantarana, tahaka ny tao Sodoma, dia ho toy izany koa amin'ny andro farany." "Ireo asa izay Ataoko," maneho fa Izy ihany no ilay tena Tokana izay niaraka tamin'i Abrahama. "Talohan'ny nisian'i Abrahama, dia IZAHO NO IZY." Izy io Anjely io. Ary eto Izy . . . Indro eto Izy, eto izao maraina izao, ilay Anjely iray ihany, monina ao amintsika.

252 Ankehitriny, ilay lehilahy dia mety ho—ho mpisoloky iray. Mety ho mpihatsaravelatsihy izy. Mety ho tsy mahatoky anankiray izy. Izy dia mety ho—ho masina iray. Izy, tsy mahafantatra na inona na inona momba azy aho. Mitsangana eo fotsiny izy. Fa raha ho tonga ny Fanahy Masina ka hanambara, aminy, dia aoka izy no ho mpitsara manomboka eo. Izy no mahafantatra. Raha afaka miteny aminy an'izay nisy teo amin'ny fiainany ny Fanahy Masina, dia azo antoka fa izy, raha marina izany, fa afaka mino an'izay hisy eo amin'ny fiainany izy. Marina ve izany? Raha afaka milaza an'izay nisy Izy, dia ahoana ny amin'izay hisy? Ankehitriny, dia izy no hahafantatra na marina izany na tsia, na nisy izany.

253 Dokotera, mino an'izany ianao. Ianao sy ny reninao, ianareo roa, dia mino an'izany. Ary ilay dokotera anankiray izay mipetraka ery aoriana ery, ihany koa, dia avy any Springfield, Missouri. Hitanareo? Eto ny Fanahy Masina ankehitriny.

254 Iry lehilahy fotsy volo iry, mipetraka ao amin'ny Alben Motel eto. Manaintaina amin'ny zavatra anankiray ianao ao amin'ny andilanao. [Hoy ilay rahalahy hoe, "Marina izany."—Mpand.] Tsy avy eto ianao, eto am-panombohana. Avy any Canada ianao. ["Eny. Marina izany."] British Columbia. ["Marina

izany.”] Vancouver. [“Marina izany.”] Avy ao Finland ianao. [“Eny.”] Kiitos.

[Amin’ny teny Finnish, ny *kiitos* dia midika hoe, “Misaotra anao.”—Mpand.]

255 [Hoy ilay rahalahy hoe, “Kiitos, ary Andriamanitra hitahy anao.”—Mpand.] Andriamanitra hitahy anao. Mandehana mody; tsara ianao. Jesosy Kristy no manao anao ho tsara. [“Amena.”]

256 Mino ve ianareo? Tsy fantatro ilay lehilahy. Tsy fantatro ankehitriny hoe inona no nolazaiko taminy. Izany no Fanahy Masina izay miteny.

257 Vahiny hafa anankiray. Tsy fantatro ilay lehilahy, tsy mbola hitako mihitsy teo amin’ny fiainako. Ataoko fa vahiny izahay. Marina ve izany, tompoko? [Hoy ilay rahalahy hoe, “Marina. Marina izany.”—Mpand.]

258 Tsy mbola nahita an’ilay lehilahy mihitsy aho, tsy mahafantatra na inona na inona momba azy. Ankehitriny aoka ho tena manaja. Ary raha tsy mahafantatra na inona na inona momba an’ilay lehilahy aho, ka hilaza amiko zavatra anankiray momba azy ny Tompo, amin’izay fotoana izay dia izany no hanamarina fa izany dia mila zavatra anankiray mihoatra noho ny olona iray hanao an’izany. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Ankehitriny raha tena hanaja fotsiny ianareo, dia diniho, ary aoka hitandrina tsara. Ary rehefa mitsoka eo amboninareo tahaka an’izao ny Fanahy Masina, dia ekeo Izany. Inoy Izany, amin’ny fonareo rehetra.

259 Vahiny anankiray. [Hoy ilay rahalahy hoe, “Eny, tompoko.”—Mpand.] Ny zavatra voalohany, dia mikatsaka famonjena ianao. Mpisotro alikaola ianao. [“Marina izany.”] Tena marina izany. [“Marina izany.”] Tsy avy eto amin’ity tanàna ity ianao. Avy any amin’ny tanàna hafa ianao, tanàna iray an’i Indiana. Eny. Mino aho fa New Castle izany, zavatra tahaka an’izany. [“New Castle. Marina izany. Eny, tompoko.”] Tena marina. Ah-hah.

260 Ianao dia miaraka amin’ny, na izany aza, olon-kafa. Mahita olona aho izay . . . Miaraka amin’ny vehivavy iray ianao. Izany dia mifandray . . . Aiza i Lyle Woods? Ny vadiny izany. [Hoy ilay rahalahy hoe, “Marina izany.”—Mpand.] Eto izy ankehitriny. [“Marina izany.”] Izy dia mila hivavahana, ihany koa. Eny, tompoko. Mino ve ianao fa Andriamanitra dia afaka miteny amiko hoe inona ny aretinao? [“Eny, tompoko.”] Aretim-po. Raha hino amin’ny fony rehetra izy, dia mety ho sitrana izy.

261 Manameloka ny devoly ao anatinao aho, izay manao anao hisotro alikaola. Mandehana mody, amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, ary aza misotro an’izany intsony. Aoka hatao batisa amin’ny Anarany sarobidy, izay manaisotra ny fahotana. Ary manameloka an’ilay devoly aho. Enga anie izy hiala ao aminao. Amena.

262 [Hoy ilay rahalahy hoe, "Misaotra anao, rahalahy."—Mpand.] Mandehana. Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Voavela ny fahotanao ankehitriny. Mandehana, ary aza manota intsony.

263 Manàna finoana an'Andriamanitra. Aza misalasala. Minoa amin'izay rehetra ao anatinao.

264 Samy vahiny isika, ramatoa tanora. Mino ve ianao fa mahafantatra antsika roa Kristy? Izao no tahaka an'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana, sy ny Mpamonjintsika. Ianao tsy izy, ary na izaho aza tsy Izy. Fa ny Fanahiny kosa dia velona mandrakizay. Ilay vehivavy, ity vehivavy tanora mitsangana eto ity, dia manana . . . Raha afaka mahita Azy ianareo, eo anelanelako sy izy dia misy an'io Hazavan'ny Anjely io mitsangana eto. Fa any ankoatran'izany dia aloka anankiray, ary io aloka io dia ny fahafatesana, aizina. Homamiadana izany. Ilay homamiadana dia mipetraka, ao amin'ny tsinay. [Hoy ilay anabavy hoe, "Marina izany."—Mpand.] Ianao dia tsy avy eto amin'ity firenena ity, koa. Kentuckian ianao. ["Marina izany."] Avy ao LaGrange, Kentucky. ["Marina izany."] Marina izany. Ramatoa Johnson, lazaiko anao hoe inona. Raha nino ianao, tamin'ny fonao rehetra, dia mandehana miverina mody, ary Jesosy Kristy hanao anao ho tsara. Mino an'izany ve ianao? ["Mino aho."]

265 Manameloka an'ilay devoly izay naka ny ain'ity vehivavy ity aho. Eo ambonin'ny fototry ny fitsanganan'i Jesosy Kristy, dia mihaika an'i Satana aho ankehitriny, ary miteny aminy fa olona efa resy izy, fa Jesosy Kristy no nandresy azy teo Kalvary. Ary amin'ny maha-mpanompon'Andriamanitra, eo ambanin'ny hosotry ny Fanahy Masina, ka, ny fanirahana dia nomena ahy tamin'ny alàlan'ny Anjely anankiray. Dia manameloka an'io devoly io aho, ho an'ny ain'ity vehivavy ity. Avelao izy ho velona, O Tompo. Amena.

266 Miverena any an-trano, mifalia ary aoka ho sambatra, misaotra ny Tompo. Aza misalasala ankehitriny. Aza manana fisalasalana anankiray ao an-tsainao.

267 Toy ny tena tso-po tokoa sy mahitsy ianao mikasika an'izany, ramatoa. Raha mino ianao, dia io aretin-tsiranoka izay mampanaintaina anao io, aretin-kozatra, minoa amin'ny fonao rehetra, fa hiala aminao izany.

268 Ankehitriny, nahatsapa Zavatra mihitsy eto ilay ramatoa kely, satria misy fanahy iray manelanelana azy roa ireo, hitanareo. Ianao, ny anao dia tsara, ihany koa. Minoa fotsiny, amin'ny fonao rehetra.

269 Ary koa, ilay ramatoa kely io akaikiny eo io. Eny, izany dia ianao izay mipetraka eo, miandrandra, mivavaka. Ah-hah. Io aretin-damosina io, minoa amin'ny fonao rehetra. Ary ianao, koa, ianao dia tratry ny aretin-damosina, ihany koa. Noho

izany dia mitsangàna ary mandehana mody ankehitriny, aoka ho tsara.

270 Mino ve ianao, amin'ny fonao rehetra? Ho an'ny zanakao vavy no maha-eto ianao. [Hoy ilay anabavy hoe, "Marina izany."—Mpand.] Voaaloky ny fahafatesana ny zanakao vavy. ["Marina izany."] Homamiadana izany. ["Eny."] Ary ny toerana ara-panahiny dia tsy tsara ihany koa. ["Marina izany."] Eny, tompoko. Ambony-sy-ambany fotsiny izy, miditra-sy-mivoaka, ary torovana tanteraka. ["Marina izany."] Hitanao ve iny mosara entinao eny an-tànanao iny? ["Eny, tompoko."] Mino ve ianao fa ny Fanahy Masina no miteny eto? ["Mino aho."] Aleo ho ahy iny mosara iny.

271 Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no hanamelohako ny toeran'ny zanany vavy. Noho ny tenin'ny reniny, dia enga anie ity hisy fiantraikany aminy, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

272 Mandehana; aza misalasala. Manàna finoana. Afaka mandeha mody izy ankehitriny. Apetraho eo aminy iny mosara iny. Minoa. [Hoy ilay anabavy hoe, "Deraina ny Tompo."—Mpand.] Manàna finoana an'Andriamanitra.

[Nihato nandritry ny dimy ambin'ny folo segondra Rahalahy Branham—Mpand.]

273 Indro misy vehivavy iray, raha afaka mahita azy ianareo. Mikimpy ny masony. Ny mosarany ambony, mivavaka, mamafa ny ranomasony. Nikasika Zavatra ianao, ranabavy. Tsy nikasika ahy ianao, fa nikasika Azy ianao. Ankehitriny, tratry ny làlandrà misy varisy ianao, aretim-behivavy, fahasarotana isankarazany. Marina izany. Sa tsy izany? Atsangano ny tànanao raha marina izany. Eny àry. Ankehitriny mandehana mody, ho lasa tsara.

274 Inona no voakasiny? Te-hanontany anareo aho. Iza, inona no voakasik'io vehivavy io? Ilay Mpisoronabe. Azonareo fantarina ve? Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, dia manatrika eto. "Raha mety mino ianareo!"

275 Ato amin'ny mpanatrika ilay Fanahy. Aoka hino. Ilay Andry Afo izay eo amin'io sary eto io, dia mihetsika ao amin'ny mpanatrika. Izany dia vehivavy iray izay mijery ahy mihitsy. Mitsangana eo amboniny Izany. Ny tànany mitsangana tahaka an'*izao,* miaraka amin'ny mosara iray eo am-bavany. Tratry ny aretina an-doha izy, karazana aretin'ny ozatra ao amin'ny loha. Marina izany. Mino ahy ho Mpaminany ve ianao? Mino ve ianao fa Kristy no miresaka aminao? Mandehana mody, ho afaka aminao izany. Minoa amin'ny fonao rehetra.

276 Ilay lehilahy mipetraka io aoriany io mihitsy, zavatra hafa iray no ifandraisany toy ny hoe Campbellsville, Kentucky. Ahhah. Ianao dia tratry ny aretin-kozatra, ihany koa; prostaty; tosidrà ambony. Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao, tompoko? Raha mino ianao, dia atsangano ny tànanao raha marina ireo

zavatra ireo. Inona no nokan'hanao? Nikasika Olona anankiray ianao, ilay Mpisoronabe. Mandehana, minoa, dia aoka ho tsara.

277 Ity misy vehivavy iray, karazan'ny matavy be, mipetraka eto miaraka amin'ny tànany miakatra manodidina azy. Mino aho fa fantatro io vehivavy io. Efa nahita azy aho tany ho any. Mivavaka izy. Tratry ny aretina ao amin'ny lohany izy. Ary vantany vao niteny aho hoe "loha," tamin'ilay vehivavy hafa anankiray, minitra vitsy lasa izay, dia nanohina azy izany. Izy dia tratry ny aretina an-doha, ihany koa. Efa nahita an'ilay vehivavy aho tany ho any. Tsy haiko ny milaza an'ilay toerany, fa efa nahita azy aho. Oh, eny, haiko. Fantatro ankehitriny, na dia ara-panahy aza. Izy no Rose Austin, avy any Louisville, Kentucky. Minoa ankehitriny. Mandehana mody, aoka ho tsara.

278 Fantatro ianao. Fantatro ny . . . Fantatro ny endrikao. Efa niaraka taminao aho, tao amin'ny—ny fifampiresahana iray, tao anaty trano-fiara iray, izay nandraisanao ny Fanahy Masina. Marina izany. Nametra-tànana teo aminao, ary nandray. Tsy fantatro ny anaranao izao ankehitriny izao, saingy fantatro ianao. Ianao dia manana asa momba ny fiara. Izay ihany no fantatro. Tsy manana hevitra mihitsy aho ny amin'izay tsy mety aminao. Ianao, ianao no mahalala tsara an'izany. Marina izany. Tsy manana hevitra mihitsy. [Hoy ilay rahalahy hoe, "Tsia."—Mpand.] Raha hambaran'Andriamanitra hoe inona ilay aretina, amin'izay fotoana izay dia ilay hany Tokana izay nanome anao an'ilay Fanahy Masina, no afaka manasitrana anao, manome anao ny fanirian'ny fonao. Mino an'izany ve ianao? ["Eny, tompoko."] Tsy ho an'ny tenanao no maha-eto anao. ["Tsia, tompoko."] Tsy ny momba anao ilay izy. Ilay izy dia ho an'ny malalanao anankiray. Anabavy iray any Virginia ilay izy. Karazana aretina iray, toy ny lamosina.

279 Mipetraka eto ny vadinao. Izy koa dia manana ilaina. Raha hino izy, dia hiala aminy fotsiny ireo aretim-po ratsy sy ny sisa. Izy dia . . .

280 Ity vehivavy eto ity mihitsy dia misy ifandraisana aminao. [Hoy ilay rahalahy hoe, "Eny."—Mpand.] Reninao io. ["Eny."] Sahirana izy ny amin'ny hoe nandray ny Fanahy Masina ve izy, na tsia. ["Eny."] Izao koa, manana aretin'ny tatavia izy izay manelingelina azy, sy zavatra hafa. Ilay dokotera tany, karazan'olona matanjaka iray, no nanao hoe, "Tranon-jaza nifintina ilay izy." Natao ho didiana ianao, indray andro izay. *Izy* no antony tsy nandidiana anao. [Hoy ilay reny hoe, "Eny."] Tiany ho tonga eto ianao ary hivavahana. ["Eny. Marina izany."]

281 Ilay anankiray izay mitsangana aoriany io mihitsy dia havana anankiray. Io vehivavy tanora io dia havana, na izany aza, saingy ara-panambadiana fotsiny ihany izy. [Hoy ilay rahalahy hoe, "Ah-hah."—Mpand.] Zana-drahavavy, ara-panambadiana. Izy dia sahirana mikasika ny famonjeny, ihany

koa. Marina izany. Ary tratry ny diabeta izy, vehivavy tanora iray. ["Eny."] Tena marina. Mino ve ianao? [Hoy ilay anabavy hoe, "Oh, eny, tompoko."—Mpand.]

282 [Mifaly ny fiangonana—Mpand.] Ndao isika hanangana fotsiny ny tànantsika amin'Andriamanitra.

283 O Tompo, Mpamorona ny lanitra sy ny tany, Mpanao ny Fiainana, Mpanome ny fanomezana tsara rehetra, iraho ny Fanatrehanao ho eto afovoan'ny olona ankehitriny. Omeo azy ireo ny fanirian'ny fony, Tompo. Misaotra Anao izahay ny amin'izao. Mivavaka izahay mba Ianao mihitsy no hitahy sy hanome ho an'ireto olona ireto izay ilainy, amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tomponay. Amena.

Firy no mino? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

284 Tsy tsaroako. Saingy, na izany aza, dia nidina teto amin'ity laharana ity Izany, teo amin'ny olona anankiray. Marina daholo ve izany? Atsangano ny tànanareo. Iza no mba niresahan'Izany, marina ve Izany? [Hoy ny isam-batan'olona hoe, "Amena! Ny teny rehetra tamin'izany! Izy rehetra dia marina!"—Mpand.] Marina daholo. Noho izany, dia marina fa eto ny Fanahy Masina. Marina ve izany? ["Amena."] Ankehitriny dia minoa ahy, ho Mpanompony. Fantatro ny . . . Tsy tafandry mandry ianareo. Reraka ianareo. Hitanareo? Aza misalasala. Minoa ankehitriny fa Izy izany. Ilay Rivotra nifofofofo izay tonga tamin'ny Andron'ny Pentekosta, tao amin'ilay efitra ambony, dia izany ihany ilay zavatra izay nanohina an'ireo olona ireo rehefa niseho izany, satria ilay Fanahy Masina iray ihany izany. Mihetsika manodidina Izany, eo amboninareo, ny rehetra, izao ankehitriny izao. Any ivelany any, eo anivon'ireo olona betsaka, dia ny Fanahy Masina mihetsika eo anivonareo. Firy . . .

285 Tiako ianareo hahitsy fo amiko, ho tahaka an'ity Baiboly eto anoloako ity izany. Firy no mahatsapa fihetseham-po iray tena hafahafa, fa hoe vao nisy Zavatra anankiray tonga teto? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ny Fanahy Masina izany. Izy izany. Ankehitriny dia minoa ahy. Ny Teniko dia marina. Satria, Andriamanitra no nanamarina ny Fahamarinany tamin'ny alàlan'ny Baiboly, nanamarina an'Izany tamin'ny alàlan'ny Herin'ny Fitsanganany, manamarina an'Izany tamin'ny alàlan'ny fikarohana siantifika, noho izany dia tsy misy na inona na inona hafa hanaporofoana an'Izany. Andriamanitra Izy. Eto Izy. Noho izany, henoy aho. Milaza aminareo ny Fahamarinana aho. Ny tsirairay avy aminareo dia ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izao ankehitriny izao, mba ho sitrana, ny vondrona iray manontolo aminareo. Mino an'izany ve ianareo? ["Amena."]

286 Ankehitriny dia lazaiko aminareo izay tiako hataonareo. Tiako fotsiny ianareo, na aiza ianareo na aiza, ny tsirairay avy aminareo hametraka ny tànanareo eo amin'ny anankiray

hafa, mba hahitanareo fa tsy izaho ilay izy. Ianareo dia—ianareo dia tena mandaitra. Mpino anankiray ianareo. Raha tsapanareo ilay Fanahy Masina, dia eo aminareo Izany. Angamba tsy ao anatin'ny fanomezam-pahasoavana tahaka an'izao, fa io Fanahy Masina io dia eo aminareo. Ny olona anankiray, tsy mampaninona na iza izany na iza, mametra-tànana eo amin'ny olona iray, ary avy eo dia ahondreo ny lohanareo. Apetraho eo amin'ny olona iray ny tànanareo, dia ahondreo ny lohanareo. Mahatsapa ho voatarika hanao an'izao aho. Mahatsapa aho fa izao no fotoana ho an'ny fanasitrananareo. "Raha mety mino ianareo!"

287 Oh, ny Fanahy Masina dia mihetsika eo ambonin'ny mpanatrika! Io olona ery io, avy any Georgia, mivavaka ho an'ny rahalahinao izay mipetraka ery aoriana ery ianao; manàna finoana, minoa. Oh, manerana mihitsy Izany, manerana mihitsy.

288 Ankehitriny, aza mivavaka ho an'ny tenanareo. Mivavaha ianareo ho an'ilay olona izay ametrahanareo ny tànanareo. Izany dia hanao ny tsirairay avy aminareo hivavaka ho an'ny anankiray hafa.

289 Ankehitriny, Tompo Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra, Izay nitsangana tamin'ny maty, ka na dia ireo fandrahonan'i Pontio Pilato aza sy ilay tombokasen'ny governemanta Romana dia tsy afaka nahatazona Anao tao am-pasana. Andriamanitra ilay Tsitoha no nidina tamin'ny andron'ny Paska, ka nanakodia indray an'ilay vato, namaha an'ilay tombokase. Ary nitsangana Ianao ka niaraka tamin'ireo Mpianatrao, efapolo andro, naniraka azy ireo handeha any amin'izao tontolo izao ary hanao an'ireo zavatra izay natao ankehitriny. Roa arivo taona lasa izany.

290 Tompo, Andriamanitra Ianao. Tsy mety diso Ianao. Eto Ianao. Ity Kanferansa ity, izao maraina izao, izay nanananay, niaraka nandahatra izahay mikasika an'ireo zavatra ireo. Nandahatra izahay fa Andriamanitra Ianao; nandahatra, ny antony maha-Andriamanitra Anao, sy ny antony maha-eto Anao.

291 Ary ankehitriny dia manana fanirahana iray izahay avy Aminao, ny hametra-tànana eo amin'ny anankiray hafa. Izany no nanirahanao anay mba hatao. Hoy Ianao hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino. Raha mametraka ny tànany amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny." Izany no fanirahana anay avy tao amin'ilay kanferansa. Ankehitriny, Tompo, "Ny fankatoavana no tsara kokoa noho ny fanatitra; ny fihainoana, noho ny saboran'ondrilahy."

292 Ankehitriny, Tompo, amin'ny maha-Mpanomponao, dia maniraka aho, ary mandidy ny devoly rehetra, ny fanahy rehetra, ary ny aretina rehetra, ny fahoriana rehetra, ny fanoherana rehetra izay manelingelina an'ireto olona ireto. Ao amin'ny

Fanatrehan'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny vavolombelon'ny Fanahy Masina, amin'ny alàlan'ny fanirahan'ny Anjely iray nirahina teo amiko, dia mihaika an'io fanahy io aho, amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra.

293 Io fanahin'ny aretina sy fahoriana io, mivoaha amin'ny olona, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, ka avelao izy ireo ho tsara. Avelao izy ireo handeha. Satana, mpihambo iray fotsiny ianao. Azonay ny tànanao. [Nandondona imbetsaka ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Tonga ny fotoana, rehefa naneho ny Tenany teo anoloan'ny Jentilisa Jesosy Kristy. Ankehitriny, Satana, resy ianao. Indray mandeha, dia nihazona ny olona ianao. Tsy manana zo ara-dalàna ianao ankehitriny. Jesosy Kristy no nanendaka taminao ny zo rehetra izay nanananao, teo Kalvary. Izy no nandoa ny vidiny feno, ka nanao hoe, "Vita ilay izy." Ny rehetra, ny drafitry ny famonjena manontolo, ny fanasitranana rehetra, ny rehetra dia vita teo Kalvary. Ary ianao, dia nesorina taminao, ny zavatra rehetra izay nanananao fahiny, noho ny fahotana sy noho ny fahalavoana. Ankehitriny dia navotana izahay tamin'ny Ràn'i Jesosy. [Nandondona ny Polipitra indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Ary tsy afaka mihazona anay intsony ianao. Hoy izahay hoe, "Mialà aminay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo."

294 Ankehitriny, tazony eo amin'ny anankiray hafa ny tànanareo. Manohiza mivavaka. Tazony ny tànanareo... Manohiza mivavaka. Ny tsirairay avy aminareo mieritreritra fotsiny hoe, "Akaiky Andriamanitra. Eto ny Fanahin'Andriamanitra. Manasitrana ahy Andriamanitra. Ny Fahatsarany, ny Famindram-pony, ny Fahatsaram-panahiny, ny Fampanantenany dia natao tena misy ao anatiko."

Afaka mitory teny mandritry ny herinandro sy herinandro isika. Tsy hampisy fahasamihafana izany ankehitriny; eto ny Fanahy Masina. Izay fotsiny ihany no Azony atao amin'ny fotoana rehetra, ny ho eto mihitsy ankehitriny.

"Izao ankehitriny izao dia mino aho fa ny Fanahy Masina dia miseho eo amiko, manaporofo amiko fa eto Andriamanitra. Mino Azy aho. Asa efa vita izany. Azoko Izy. Fananako Izy. Feno ny Fanahy Masina aho ankehitriny. Ireo aretiko, ireo faharariako sy fanaintainako dia lasa. Ny fahoriako rehetra dia lasa nanalavitra ahy." Izay no fomba tokony hivavahana, miaraka amin'ny lohanareo miondrika, ny maso mikimpy. (*Minoa fotsiny,* ankehitriny.)

295 Tazony hiondrika ny lohanareo ankehitriny. Hihira isika ankehitriny, moramora fotsiny.

Minoa fotsiny...

296 Nidina avy teny amin'ilay tendrombohitra...Ny zaza iray voan'ny androbe...Teo ireo mpianatra, nifampidinika tamin'ilay ray. Nihazakazaka tany amin'i Jesosy ilay ray, ka

nanao hoe, "Tompo, vonjeo ny zanako." Hoy Izy hoe, "Vitako, raha mino ianao." "Vitako, raha hino ianao." Izany no Lazainy ankehitriny: "Eto Aho. Vao avy nidina avy tamin'ny Voninahitra Aho. Eto Aho, eo afovoanareo Aho. Izaho no manao an'ity kanferansa ity miaraka aminareo. Nanosotra ny pasitera Aho. Eto Aho. Vitako, raha mino ianareo."

Fa ny zavatra rehetra azo atao, minoa fotsiny;
Minoa fotsiny, fotsiny . . .

Kanferansa Miaraka Amin'Andriamanitra MAG59-1220M
(Conference With God)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tany amboalohany tamin'ny teny Anglisy ny Alahady maraina, 20 Desambra, 1959, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2014 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org